AMPEFILOHA

# NAMBANANA ANTSY ILAY TOVOLAHY DIA NASAINA NOMENA NY VOLA SY NY FINDAY 5


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7852 | Taona faha-26 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 23 aprily 2024


MARARY NY ANTOKO POLITIKA 7

# FITO SISA IREO SAHY NANDEHA IRERY HIATRIKA NY FIFIDIANANA DEPIOTE
















1. Antoko Vonjy Iray Tsy mivaky
2. Antoko AREMA
3. Antoko Leader Fanilo
4. Antoko Fanorolahy
5. Antoko Maitso
6. Antoko Fy-M
7. Antoko Otrikafo

MARINA IZANY ! 6

## MANDEHA NY TSINDRY !

FANADINAM-PANJAKANA



## MPISOLO TOERANA AVOKOA IREO MINISITRA MIANDRAIKITRA NY FAMPIANARANA 9

MPANAKANTO EVANJELIKA 3

## HANATANTERAKA SEHO GOAVANA ANY DUBAI NY GROPY NY AVO


FIFANARAHANA FAMATSIAM-BOLA

## TONGA ETO AMINTSIKA NY IRAKY NY FMI 8

BASKET-TOMPONDAKA "U 16 F" 15

## NOROMBAHAN'NY ZAZAVAVIN' NY MB2ALL NY AMBOARA



"Festival de Magie" andiany voalohany

# Feno ny isan'ireo hifaninana "Magie" amin'ny sabotsy

*Taratasim-bola mitentina 50 000 Ariary ahafahana manjifa entana ao amin' ny Abidia Magic Shop sy sary ho an'ilay nahazo voalohany mipetraka eo ambonin'ny PVC mirefy 80X60 Sm ary karatra amin'ilay endriny tsara indrindra dia ny "Queens playing Cards, by Murphy's Magic no loka.*

Ny Asabotsy 27 Avrily izao araka ny efa nitaterana azy teto no tanterahina etsy amin'ny Alliance Française Andavamamba ny andiany voalohany amin'ny hetsika "Festival de Magie" karakarain'ny Magic Squad Madagasikara. Hanamarika ity hetsika ity ny Atrikasa momba ny Magie sy ny tontolony ary manaraka azy eo ny fampianarana Magie maimamim-poana. Eo ihany koa ny Fampisehoana Magie ranoray tsy misy fangarony sy tsy misy fiatoana ary farany ny fifaninana Magie. Ity farany moa raha araka ny fanazavandRazakamahefa Mendrika Mathieu, tompon'andraikitra voalohan'ny Magic Squad Madagasikara dia *« efa tapitra ny ny fisoratana anarana noho ny fahafenoan'ny isa notadiavina. 10 ihany izy ireo no hifaninana amin'ity andiany voalohany ity izay ahitana ny mpanao Magie avy any Itasy sy Miarinarivo ary Antsirabe sy ny avy eto Antananarivo".* Efa fantatra ihany koa ny loka ho azo amin'ity fifaninana ity ka ny voalohany sy ny faharoa ihany no hahazo izany. Ho an'ny voalohany dia taratasim-bola mitentina 50 000 Ariary ahafahana manjifa entana ao amin'ny Abidia Magic Shop sy sarin'ilay nahazo voalohany mipetraka eo ambonin'ny PVC mirefy 80X60 Sm ary karatra amin'ilay endriny tsara indrindra dia ny "Queens playing Cards, by Murphy's Magic". Ho an'ny faharoa kosa dia hahazo ny sariny mipetraka eo ambonin'ny Pvc mirefy 60x40sm sy "Flexible Playing Cards by TCC".



**Hampitolagaga sy hampihomehy ny seho hatolotry ny Magic Squad Madagaikara etsy amin'ny AFT Andavamamba amin'ny sabotsy izao.**

### Tsy misy vidim-pidirana

Tsy hisy moa ny vidimpidirana ho an'ireo rehetra izay te hanatrika ity fifaninana Magie ity sy ny Atrikasa momba ny magie ary ny fianarana Magie fa amin'ny fampisehoana fa misy sarany kely natao takatry ny rehetra. Efa eo am-panomanana ny fampisehoana ny Magic Squad Madagascar amin'izao fotoana izao ary hisy ny zavatra tsy ampoizina omanin'izy ireo ho an'ny mpijery amin'io fotoana io. Tiana ny manamarika fa amin'ny 8 ora maraina amin'io Asabotsy 27 Avrily io no hisokatra amin'ny fomba ofisialy ny "Festival de Magie andiany voalohany". Amin'ny 10 ora maraina dia efa hanomboka ny fifaninana. Amin'io fotoana io ihany koa vao fantatra ny laharan'ireo mpandray anjara sy ny fotoana hanehoany ny fahaizany. Mpitsara efa mahafehy ny Magie no hitsara ny fifaninana fa manana anjara betsaka ihany koa ny mpijery amin' ny fankasitrahany ny seho ataon'ny mpandray anjara.

**Tiaray R**

Sinema Malagasy

# Alefa any Arivonimamo i "Lav'Alina"

Rehefa avy nanome fahafaham-po ny mponin'Antananarivo tamin'ny fandefasana ilay horon-tsarimihetsika indray miseho tetsy amin'ny CCESCA Antanimena ny Manjaka Sary dia hitondra izany ho an'ny mponin' Arivonimamo sy ny manodidina indray amin'ny Sabotsy 27 Avrly izao. Handeha in-3 ao amin'ny Salle d'Oeuvre NDA any Arivonimamo. Manomboka amin' ny 1 ora antoandro ny voalohany, amin'ny 3 ora tolakandro ny faharoa ary amin'ny 5 ora hariva ny fahatelo sady farany. Natao mirary araka ny fahefa mividin'ny rehetra ny tapakila ary efa amidy mialoha izany mba tsy hanahirana ny mpanjifa. Fa misy amidy ihany koa ny tapakila amin' ny andro handefasana ny sarimihetsika. Ny Garde d'honneur Fo Masin'i Jesoa ao amin'ny Ekar Notre Dame de l'Assomption Arivonimamo, moa no mikarakara ny hetsika ka ny vola azo amin'izy dia entina hanansoavana ny fiangonana.

Fa ankoatra izay ny Manjaka Sary dia vonona hiara-hiasa amin'ireo fikambanana na fiangonana sy ny maro hafa amin'ny fikarakarana fandefasana horonan-tsarimihetsika Lav'Alina manera ny faritra rehetr eto Madagasikara. Afaka mifampiresaka amin'ny Manjaka Sary ao anatin'ny Pejy fesibokiny izay liana amin'izany. Raha fintinina ny tantaran'ity Sarimihetsika Lav'Alina dia hanehoan'ny mpanoratra ny fahamarinana izay tsy mety maty manoloana ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-boninahitra ary ny fitiavam-bola ataon'ny olombitsy. Anatin'ny gidragidra sy herisetra hoy ny fiten' ny tanora n hamahan'i Manjaka mpilalao fototra ao amin'ny tantara ny olana. Ary ao anatin'ny alina iray no tsy maintsy hamahany izany olana izany. Na eo aza izany dia ahitana taratra ny valifaty sy ny fitiavana ary ny tantara izay azo hakana anatra tsara amin' izao vaninandro iainantsika izao. Azon'ny sokajin-taona rehetra jerena ihany koa i "Lav'Alina".

**Tiaray R**


**Sary tahiry nandritra ny fandefasana ny Lav'Alina tetsy amin'ny CCESCA Antanimena.**

Andron'ny Boky sy ny zon'ny mpamorona

# Hankalazaina anio maneran-tany

Hankalazaina anio maneran-tany ny andron'ny Boky sy ny Zon'ny mpamorona. Hanamarika izany isika ka hetsika maro no entina hanamarihana azy. Ankoatra ny hetsika karakarain'ny MSK dia eo ihany koa ny hetsika etsy amin'ny Bibliotekу monisipaly etsy Analakely.

Ny hetsika nokarakarain'ny Havatsa UPEM sy ny Faribolana Sandratra Antsirabe Vakinankaratra moa dia efa nanomboka ny Sabotsy 20 Aprily teo ny hetsika ary hifarana anio. Tao amin'ny Akon'Ankaratra no nanatanterahana ny hetsika ka nandritra izany ny fampirantiana sy varotra ny sanganasan'ireo mpanoratra eo anivon'ny FAaribolana SAndratra sy ny Havatsa UPEM ka anisan'izany ny sanganasan'i Onydonya. Marihana fa natao hahatsiarovana ireo mpanoratra efa nodimandry nefa nanana ny maha izy azy teo amin'ny asa soratra toa an-dry Cervantes, Shakespeare ary Garcilaso de la Vega ny 23 Avrily 1616.. Ity 23 Aprily ity ihany koa no manamarika ny nahaterahan'ireo mpanoratra malaza toa an-dry Maurice Druon, K. Laxness, Vladimir Nabokov, Josep Pla ary Manuel Mejía Vallejo. Noho ireo antony ireo no nahatonga ny UNESCO nisafidy ny daty izay tandinona ho an' ny literatiora maneran-tany mba hanomezam-boninahitra azy ireo ary natokana ihany koa ho andron'ny boky sy ny mpanoratra.

Ny hevitra momba ity fankalazana ity dia avy any Catalonia (Espaina) izay fomba nentim-paharazana ny manolotra raozy ho an'ny fividianana boky. Ny fahombiazan'ity hetsika ity dia miankina amin'ny fanohanana azon'ireo faribolana izay liana amin'ny fonomezana azy mpanoratra, mpamoaka boky, mpivarotra boky, mpanabe sy trano famakiam-boky, andrimpanjakana sy tsy miankina, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ary haino aman-jery, izay mihetsika any amin'ny firenena tsirairay amin'ny alàlan'ny Vaomiera nasionaly ho an' ny UNESCO, ivon-toerana sy klioba, tambajotran' ny sekoly sy tranomboky mifandray ary ireo rehetra izay mahatsiaro ho voatosika handray anjara amin' ity fankalazana maneran-tany ity.


**Mila arovana ny zon'ny mpanoratra ka ny fanjakana no tompomarika voalohany amin'izany.**

Ny UNESCO dia miezaka ny hampiroborobo ny famakiana boky, ny indostrian'ny famoahana boky ary ny fiarovana ny fananana aratsaina amin'ny alàlan'ny zon'ny mpamorona.

**Tiaray R**

Mpanakanto evanjelika

# Hanatanteraka seho goavana any Dubai ny Gropy Ny Avo

"*Ny Avo Tour Voky Fitahiana*". Izay no anarana nampisaloran'ny tarika Ny Avo ny fitetezam-paritra tanterahany amin'ity taona 2024 ity. Rehefa nahavita nitety fiangonana sy sehatra maro teto an-tanindrazana ny tarika. Lasa nikopak'elatra any am-pitandranomasina izy ireo, ka nantanteraka seho goavana tany Dubai ny folakandron'ny alahady 21 aprily 2024 lasa teo. Tao amin'ny efitrano malalaka sady malaza ao Dubai antsoina hoe Zabeel Ladies Club Oud Maitha Theater izy ireo no niaka-tsehatra. Hetsika izay niarahan'i Rojo Ny Avo sy ny AFKM Dubai izy io. Natao ho an'ireo Malagasy sy mankafy ny teny sy ny kolontsaina malagasy rehetra monina ao Dubai ny hetsika, ka nosalorana ny anarana hoe "*Malagasy miara-midera*".

Efa maromaro ihany ny mpanakanto mpihira tsotra no tonga tany amin'io toerana iray manana ny lazany manerantany io. Fa izao kosa vao nahare isika fa nisy mpanakanto arapilazantsara tonga niakatsehatra tany an-toerana. Efa miha-maro rahateo ny malagasy monina sy mila ravinahitra any Dubai ankehitriny.

Azo antoka fa hihamaro ny mpanakanto hifanesy ho any an-toerana indrindra amin'izao misy zotram-piaramanidina mampitohy mivantana ny Firenena roa tonta izao.

Ny Avo kosa aloha mbola nihodina tany Addis-Abeba Ethiopie tamin'ny diany hoany Dubai.

**Fy**



**Rojo Ny Avo tonga any Dubai.**

## Tafa....sika

Dina (mpanentana)

# "Ilaina ny fahamatorana; ny fahamarinam-potoana ary indrindra ny fomba fiteny mba tsy hanafintohina olona"

*Dina. Mpanentana amin'ny hetsika na lanonana karakarain'olon-tsotra, na fikambanana na orinasa. Efa 5 taona izao no nidirany tamin'io sehatra io, orinasa maro no miara-miasa aminy amin'izany. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*








***Gazetiko*** : Inona moa izany no asan'ny hoe "animation de vente" ? Inona ihany koa ny hoe manao "fanentanana" ? Ianarana ve ireny sa mila hoe tsara bika sy tsara tarehy dia mety foana ? Mba tantarao hoe ny lalana nodiavinao ?

**Dina** : "*Ny animation de vente", dia dokambarotra sady fandrisihana ny olona hanjifa ny vokatra. Ny fanentanana na "animation podiums" kosa indray, dia mandrindra ny fandaharam-potoana sady manaingo ny seho izay atao. Ilaina ny mianatra saingy miaro talenta ihany koa no tena marina.*

*Ny lalana nodiaviko indray ! Efa hatramin'izay aho no be resaka ka omen'ny olona fitenenana matetika ? Tany amin'ny mariazin'ny fianakaviana no nanombohako, dia nitohy tamin'ny "animation de vente" ary tonga aty amin'ny fanentanana fampisehoana na "podium", trail. Ireo orinasa ao Antsirabe ireo saika miara-miasa amiko avokoa indrindra ny Agence Irintsoa Commerciale Agency* ».

***Gazetiko*** : Manao ahoana ny tsenan'ny asan'ny fanentanana eto amintsika amin' izao ? Misy fivoarana ve io sehatr'asa io sa mitovy amin'ny tamin'ny 5 taona lasa nanombohanao ? Inona no hitanao hoe niova amin'izao ?

**Dina** : « *tena mandroso be ny tsenan'ny asa raha teo amin'ny fanentanana eto amintsika, indrindra rehefa misy vokatra vaovao avoakan'ny orinasa. Na ihany koa ireo mpanafatra vokatra avy any ivelany ireo, tena mampiasa tanora betsaka mihitsy hanentana sy hampahafantatra ny vokatrany. Fa ho ahy manokana aloha mbola tsy tena hoe mifototra tanteraka amin'io resaka fanentanana io fa mbola vadin'asa izy hatreto. Raha oharina amin' ny tamin'ny 5 taona lasa nidirako tao indray hita hoe misy fivoarana raha tsy hiteny fotsiny izaho hoe lasa maromaro ireo mpisehatra aminy* ».

***Gazetiko*** : Sehatra ohatran' ny ahoana daholo no afaka hiasan'ny mpanentana sy tena ilaina ny mpanentana ? Misy toerana fiofanana momba izany ve eto amintsika ?

**Dina** : "*Ny sehatra rehetra ilaina olona hanjifa na indrindra hisarihana olona hanjifa na ho tonga amin'ny hetsika iray atao. Ohatra hoe fampisehoana ; fanentanana ; entana amidy izany hoe ny tontolon'ny varotra ; fampahafantarana vokatra vaovao. Izany no mahatonga ny mpampiasa hisafidy hoe tanora, tsara bika, tsara tarehy amin'ny ankapobeny mba ho voasarika ny olona hijery na hividy ny vokatra. Mazava ho azy ny toerana iasana tsy maintsy amin'ny toerana be olona sy be mpandalo. Mbola tsy mahita na naheno hoe toerana tena manofana amin'ny fanentanana manokana mihitsy aho eto amintsika. Mampianantena amin'ny alalan'ny zavamisy eny amin'ny fiaraha-monina aloha no ataoko* »

***Gazetiko*** : Inona kay ny talentanao ankoatra ny fanentanana ? Mahay mikabary na hatsikana ve ianao fa ireo no karazan'olona lasa mpanentana amin'ny ankapobeny ? Inona no toro-hevitra omenao ireo tanora te hiditra amin'io sehatr'asa iray io ?

**Dina** : "*Ankoatra ny fanentanana. Miandraikitra ny resaka HSSE, miandraikitra ny fahadiovana sy ny fiarovana ny tontolo iainanana amin'ny orinasa momba ny asa fanamboarana trano aho. Ary manana andraikitra manokana ao amin'ny efitrano fikotranana (musculation) Torres Fit Gim ao Antsirabe.*

*Izaho tsy nianatra kabary na nikabary na koa mpanao hatsikana. Efa talenta ao anatiko ilay izy ary teraka ho azy eny ampanaovana fanentanana eny.*

*Ny hafatra ho an'ny tanora te hisehatra amin'ny fanentanana. Ilaina ny fahamatorana amin'ny asa ; ny fahamarinam-potoana ary indrindra ny fomba fiteny mba tsy hanafitohina olona*".

**Dinika nifanaovan'i Fy**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-17)

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-10)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-5)

### SERVICE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 806/6-4)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA803/20-10)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 807/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 807/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 807/6-4)

Antsirabe

# Lehilahy namitaka dia nanendaka vehivavy mpampanofa vatana

*Mody manao tahaka ireny haka ilay vehivavy ireny mihitsy izy ka nifampiresaka teo ny roa tonta.*



Ilay lehilahy voasambotra.

Nofitahin'ilay mpanendaka ilay vehivavy mpampanofa tena ka nendahiny. Tany Antsirabe no nitrangan' izany ny 10 aprily lasa teo. Nanatona ilay mpampanofa vatana ity lehilahy iray ary niresaka izy ireo. Tsy nanana eritreritra hafa mihitsy moa ilay vehivavy hoe hanao asa ratsy aminy io lehilahy io fa noheveriny fa hanjifa azy. Ilay lehilahy anefa amin'io efa mametraka ny paikadiny ihany entina hanatanterahana ny asa ratsiny. Mody manao tahaka ireny haka ilay vehivavy ireny mihitsy izy ka nifampiresaka teo ny roa tonta. Rehefa nataon'izy ireo ny ady varotra dia raikitra ka nentin'ilay lehilahy tany ambanin'ny sekoly iray tany an-toerana ilay vehivavy. Nanaraka tany tokoa ilay vehivavy saingy rehefa nandeha lalana maizina izy ireo dia teo amin'izay no nanendahan'ilay lehilahy azy.

**Tsy nampoiziny**

Tampoka tamin'ilay vehivavy ny zava-nitranga ary tsy nampoiziny saingy tsy tafatsoaka intsony izy ka voaroba teo. Ny zavatra tany aminy indray araka izany no lasan'ilay lehilahy. Nalain'ity farany avokoa mantsy izay zavatra tiany nalaina tany amin-dravehivavy toy ny kara-panondrom-pirenena sy finday ary vola. Vita ny asa ratsiny dia lasa nandositra ilay tovolahy. Nanoloana izany kosa dia nitondra ny raharaha teny anivon'ny manampahefana ilay vehivavy lasibatra. Nandeha nametraka fitoriana tany amin'ny polisy izy. Nandeha avy hatrany ny famotorana sy fikarohana ilay olon-dratsy. Nahazo loharanom-baovao mikasika ny toerana mety ahitana ilay olon-dratsy ny polisy ka nandehanana tany ary natao ny vela-pandrika ary dia voasambotra ity lehilahy ity. Nentina nankany amin' ny biraon'ny polisy izy taorian'ny fisamborana. Rehefa vita ny famotorana teo anivon'ny mpitandro filaminana dia natolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

Antanetibe Mahazaza

## Fasana enina nisy namaky, razana 80 nisy nangalatra

Nisehoana vaky fasana tany Antanetibe Mahazaza ny zoma tolakandro lasa teo. Fasana enina no voalaza fa vaky tamin'izany ary razana 80 isa no very nangalarin'ireo olon-dratsy tao. Ny fasana efa nivoha no hitan'ny olona tany an-toerana ary vetivety dia vory lanona ny fokonolona nijery ny zava-nitranga. Efa nampilazana ny tompon'ny ankamaroan'nreo fasana ka tonga tany an-toerana. Efa nisy nampandre ihany koa ny mpitandro filaminana raha vao nahafantatra ny zava-nitranga ka tonga nidina ifotony tany an-toerana. Efa nivoha avokoa moa ireo fasana nandritra ny fotoana nahatongavan'izy ireo tany ary rehefa nojerena dia fantatra fa razana 50 no very tao amin'ny fasana iray ary razana sivy no very tao amin'ny fasana faharoa. Fasana hafa ihany koa nisy taolam-paty sivy very. Fasana faniefany nisy taoma-balo enina very ary fasana hafa ihany koa nisy razana enina nangalarin'ny mpangalatra taolam-paty. Ny fasana iray farany izay voalaza fa tsy fantatra ny tompony fa mipetraka any amin'ny distrikan'i Maevatanana. Voalaza fa potika tanteraka io fasana io ary tsy misy azo itsofohana. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ireo olon-dratsy. Manoloana ity zava-nitranga ity dia nentanin'ny mpitandro filaminana ihany koa ny fokonolona mba hanangana andrimasom-pokonolona.

**T.H**

Ihosy

# Vehivavy nangalatra nifanenjehan'ny olona



Ilay vehivavy tratra.



Ireo entana nangalariny.

Raikitra ny fanenjehana ity vehivavy iray tratra nangalatra tao amin'ny toerampivarotana kojakoja momba ny finday tany amin'ny fokontany Tanambao any amin'ny distrikan'Ihosy ny sabotsy lasa teo. Nitsoaka ity vehivavy ity rehefa avy nanao ny asa ratsiny. Fantatry ny tao an-tsena izany ka nampandre ny olona teo amin'ny manodidina teo izy. Dia raikitra ny fanenjehan'ny olona an'ilay ramatoa. Efa nisy nampandre ihany koa ny polisy ka nanampy ny fokonolona tamin'ny fanenjehana azy. Ary dia tratra ihany ravehivavy nony farany. Araka ny fanazavana dia nankao amin'ity tsena fivarotana finday ity ilay vehivavy. Neritreritra ny tsy hisy ahita mihitsy izy ka naka izay voarain'ny tanany tao ary nangalariny tamin'izany ny finday valo sy kojakoja hafa toy ny "chargeurs" 25 isa, "batteries" 23 isa. Dia io nisy nahatsikaritra io izy ka nifanenjehan'ny olona. Raha vao nahafantatra izany ihany koa ny mpitandro filaminana dia io nanampy tamin'ny fanenjehana azy io ary dia tra-tehaka ihany ravehivavy. Nandritra ny fisavana azy dia mbola hita teny aminy ihany koa ireo entana nangalariny. Efa nentina nankany amin'ny polisy ity vehivavy ity natao famotorana taorian'ny fisamborana azy. Mitohy ny fakana am-bavany azy ao mialoha ny hiakaran'ny raharaha any amin'ny fampanoavana.

**T.H**

Asa fisolokiana

## Renim-pianakaviana iray karohina fatratra


-AVIS DE RECHERCHE-

Nom : RAHARIJOELINA La
Alias : Mme LANTO
Née le : 31 Juillet 1979
Lieu : ANTSIRABE
Fille de : RAZAFINJOELINA J
Et de : RAHARIMANANA R
Adresse : Lot BL 136, BELAME d'ANDOHARANOFO
CIN : 117.172.005.566, du à ANDOHARANOFO
Profession : Femme au foyer
Motif de recherche : ESCROQUERIE
Références : FICHE TTR 8887/04

Ilay ramatoa karohina !

Efa elaela ihany no nikarohan'ny mpitandro filaminana ity renim-pianakaviana iray ity saingy mbola tsy hita ny misy azy hatramin'izao. Voarohirohy amin'ny raharaha fisolokiana izy ity. Taorian'ny asa ratsy nataony dia nitsoaka izy ary tsy hita ny nanjavonany hatramin'izao. Araka izany dia mbola karohina fatratra ity ramatoa ity amin'izao. Raharijoelina Lantoniaina Minoarisoa no anarany ary teny Andoharanofotsy no adiresiny farany. Koa iangaviana izay mahita na manam-baovao mikasika azy mba hampandre ny mpitandro filaminana. Nampatsiahy ny zandary fa mahavoasazy ny mandray sy mampian-trano olon-dratsy ka tokony tsy hiray tsikombakomba amin'izy ireny.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Ampefiloha

# Nambanana antsy ilay tovolahy dia nasaina nomena ny vola sy ny finday

*Tsy kely làlana mihitsy ny ratsy amin'izao fa aleo mailo foana rehefa eny an-dàlana eny.*

Tovolahy iray indray no lasibatry ny mpanendaka teny Ampefiloha ny faran'ny herinandro teo iny. Tamin'ny fomba hafakely no nentiny namelezana ity tovolahy ity. Araka ny fanazavàna azo, raha niala bus teo Anosy iny izy no nisy tovolahy iray nampiresaka sy nanontany azy hoe mpianatra amin'ny oniversite tsy miankina eto Andrenivohitra izy. Namaly anefa ity farany fa efa miasa izy fa tsy mianatra intsony. Rehefa izany dia namaly indray ilay tovolahy iray fa nisy namono ny zokiny ka nolazainy fa tena mitovy aminy tanteraka ilay olona namono azy. Mbola nampiany fa miandry azy eo akaiky eo ny rahalahiny manara-maso. Nanamafy ilay tovolahy fa tsy izy izany fa mety olona nitovy. Tsy nanaiky anefa ilay iray fa mbola nisisika ihany ary nitaona azy mba hanatona ireo rahalahiny hitondra fanazavàna satria hoe mety hamono azy ireo.

**Nanaraka ho azy**

Raiki-tahotra ilay tovolahy raha nandre izany ka nanaraka ho azy ity nampiresaka azy, izay teo amin'ny làlamby Ampefiloha. Nony tonga teo dia nisy roa lahy nanakana azy ireo, izay naman' ilay niaraka taminy. Tonga dia nohodidinin'ireo ilay tovolahy sady nambanany antsy ary nasainy nomena avokoa, izay rehetra tany aminy. Lasan'ireo olondratsy tamin'izany ny finday sy ny vola. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo rehefa nahazo izany. Teo vao valaketraka ilay tovolahy tamin' ny nanjo azy, izay tsy nampoiziny mihitsy. Noho izany dia mila mailo sy mitandrina foana rehefa eny an-dàlana eny satria tena tsy misy tandroka ny ratsy.

**R.C**

Ifanadiana

# Tazonina ao amin'ny zandary ilay varira ho fiarovana azy

Tovolahy kely 14 taona manana toe-tena varira no nangalarin'ny jiolahy tao amin'ny monina ao Antanambao Variampo, fokontany Ambatoharanankely Distrika Ifanadiana, ny faran' ny herinandro teo. Jiolahy maromaro no nanatanteraka ny halatra ary efa nentin'izy ireo nitsoaka io zazalahy io. Noho ny ezaka nataon'ny fokonolona sy ny mpitandro ny filaminana anefa dia avotra soa amantsara ilay lasibatra. Tany anaty ala no nahitana azy ary efa nanaovan'ireo olondratsy herisetra. Raha ny hita dia nivonto ny maso ary naratra ny tarehin'io zaza varira io nandritra ny fotoana namotsorana azy. Tsy nisy voasambotra kosa ireo nahavanon-doza fa vaky nandositra ary efa eo ampanaovana ny fikarohana azy ireo ny mpitandro ny filaminana an-toerana amin' izao fotoana izao. *"Hatreto dia mbola tazonina ao amin'ny zandary ilay zaza, ho fiarovana ny ainy. Ambanivohitra be sady lavitra ny toerana misy azy ireo. Noho io dia tsy maintsy arahina masy akaiky ato izy telo mianaka aloha. Tsy avela mody raha tsy efa tena azo antoka ny aminy"* : hoy ny lehiben'ny zandary brigady Ifanadiana.



**Ilay Ankizilahy varira nisy nangalatra.**

**Finoanoam-poana**

Raha ny fanazavana dia ny alahady teo no nahazo antso ny Komandin'ny Tobimparitry ny Zandarimaria Nasionaly Ifanadiana fa nisy Zazalahy varira nalain'ny jiolahy tao Antanambao Variampo. Voalaza fa mitsabo tena ao Tsaratanàna ny Ray aman-drenin' io Zaza io fa tovolahy iray no niaraka nipetraka taminy tao. Nalain'ireo jiolahy ankeriny ilay zaza fa ny mpiambina azy kosa nodarohan' ireo olon-dratsy ireo ka naratra. Nahetsika avokoa ny Kartie Mobily sy ny andrimasom-pokonolona amin' ny fokontany manodidina hanao ny fisakànana. Nisy ny hetsika fisavana ireo fiara rehetra izay mandalo amin'ny lalam-pirenena. Izany hoe natao ny Tagnamaron'ny Fandriampahalemana ary nahitam-bokany izany. Voahodidina tanteraka ireo jiolahy. Noho io dia navelan'izy ireo tao anaty kirihitr'ala ao Androrangavola ny Zaza, ary rifatra nandositra ireo olon-dratsy izay mbola hifanenjehana amin'izao. Marihina moa fa tsy misy ahiana ny ainy ary efa nentina ao amin'ny hopitaly "CSB2" Tsaratanàna izy io. Misokatra ny famotorana, raisin'ny Tobim-paritry ny Zandarimaria Nasionaly Ifanadiana. Araka ny fanazavana dia mbola mijanona ho resaka finoanoam-poana ihany no mahatonga ny halatra Varira. Any amin'ny faritra atsimo no tena ahitana izany ka ireo dahalo sy ny mpilalao ody ratsy no tena ambadiky ny raharaha.

**Deyland**

Ambohimanga Rova

# Mpamily nifaoka olona antsoina hitolo-batana

Tovolahy iray nitondra môtô no nofaohin'ny fiara teo amin' ny sampanana Ambohimanga Rova ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 7ora sy sasany hariva. Tonga dia nipitika mihitsy ilay tovolahy ary naratra mafy. Tsy nijanona anefa ilay fiara nandona fa nitsoaka nandositra. Ireo olona nahita no namonjy ilay naratra sy nitondra azy tao amin'ny hopitaly Anosy Avaratra. Nampandrenesina avy hatrany ihany koa ny mpitandro filaminana ka efa tonga nijery ifotony ny zavanitranga teny an-toerana. Raha ny fanazavàna hatrany dia tena voa mafy tokoa ilay tovolahy satria vaky ny lohany. Noho izany dia voatery nafindra namonjy hopitaly lehibe taty Andrenivohitra. Voalaza fa taxi-be zotra D misy tsipika mety mampitohy an'Ivato sy Vasakaosy ilay nandona satria nisy nahita. Tsy fantatra kosa na nisy nalehan' ity fiara ity teny an-toerana tamin'io na eny mihitsy no misy ny tompony. Manoloana io tranga io dia miantso ilay mpamily mba hitolo-batana sy handray andraikitra amin'ilay marary ny zandary dieny mbola tsy lasa lavitra ny raharaha. Maro amin'ireo mpamily mamoa-doza toy izao no mitsoaka mandositra fa tsy mba mijery ny fahavoazan' ilay olona nofaohiny na naratra na sanatria namoy ny ainy. Asa hoe mba mandry ihany ve ny eritreritr' izy ireny ?

**R.C**

Ambohibary Sambaina

# Olona 106 narary kibo tany anaty mariazy

Namoa-doza ny sakafo tao amin'ny fety raharaham-panambadiana iray tao Ambohibary Sambaina distrikan'Antsirabe, tamin'ny sabotsy teo. Olona 106 no narary kibo ary ny 16 tamin'ireo no tena voa mafy ka ny 2 voatery tsy maintsy arahi-maso akaiky nakarina klinika. Araka ny loharanombaovao dia vodiondry sy soratra no natao tamin'io andro io. Rehefa vita anefa ilay fety dia samy nody daholo ny rehetra. Betsaka ireo nivalana namonjy toeram-pitsaboana avy hatrany. Ny ampitson'iny vao nitombo ireo narary noraisin'ny dokotera ary tafakatra 106 voalaza etsy ambony io ny isany. Araka ny fanadihadihana ambava an'ireo tsy salama ireo dia resaka fihinanana menaka no voalaza fa mety ho anton'ity tranga ity. Izany hoe menaka avy nanendasana hena kisoa no nampiasaina ka io no ahiana ho niteraka fanapoizinana ara-tsakafo. Ilay menaka ihany koa no nampiasaina nafangaro tamin'ny kompoze …sns. Vokatry ny fihinanana an'izany no nampidi-doza ny olona nanatrika ilay fanasana. Na izany aza tsara ho marihina fa tsy misy ahiana ny ain'ireo olona ireo fa mbola manaraka fitsaboana sy mitsindrona ry zareo, hoy ny tomponandraikitra any antoerana rehefa nanontaniana. Araka ny fantatra dia voatery nandraisana fepetra ilay toeram-pivarotana nividianan'ny tompom-pety ilay menaka. Nakaton'ny fiadidina ny tanàna vonjimaika ilay magazay ary mbola ho jerena raha lany daty tokoa ny entana namidy tao na tsia. Efa nampandrenesina ihany koa ny tomponandraikitra eo amin'ny sehatry ny fanjifana ao amin'ny fitaleavam-paritry Vakinankaratra.

**Deyland**

Analalava

# Dahalo raindahiny maty voatifitry ny zandary



**Ilay dahalo maty !**

Lavon'ny balan'ny zandary tao Moramamy, fokontany Marotaola, kaominina Analalava Ambonivohitra ilay dahalo raindahiny nampihorohoro ny vahoaka tao amin'ny kaominina Analalava. Raha ny fanazavàna azo hatrany dia anisan'ny tomponantoka tamin'ny fanafihana mitampiadiana arahina halatr'omby sy fandratrana olona ary ny fandoroana tanàna tao Ankarafamamy, fokontany Ankaramikely sy tao Mahadera, fokontany Bekofafa, kaominina Ambarijeby Atsimo. Nandray anjara tamin'ny halatr'omby maro, izay nahatonga azy nokarohina mafy ny taona 2022 sy 2023. Nanamafy moa ny Komandin'ny Vondron-tobim-pileovan'ny Zandarimaria Sofia fa ny dahalo indray no atao mihorohoro manomboka izao fa tsy ny vahoaka intsony. Hohamafisina ny Tagnamaron'ny fandriampahalemana dia ny fiaraha-miasa eo amin'ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana amin'ny famongorana ireo olondratsy.

**R.C**

Tsy fandriampahalemana any Ankazobe

# Mangataka hamerenana miaramila any an-toerana ny ben'ny tanàna


Ny Praiminisitra sy ny minisitry ny foloalindahy, nandritra ny fivorian'ny OMC. (sary tahiry)

Toy ny any amin'ny ankamaroan'ny distrika manerana ny Nosy dia mirongatra ihany koa ny tsy fandriampahalemana any Ankazobe. Antony iray miteraka ny tsy filaminana any an-toerana ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana toy ny basy sy ny bala. Manoloana izany dia nahazoam-baovao marim-pototra fa mangataka amin'ny fitondram-panjakana ny hamerenana any Ankazobe ireo miaramila nesorina, hamerina ny fandriampahalemana ny ben'ny tanàna voafidy amin' ny anaran'ny tsy miankina any amin'iny kaominina iny, Rakotoarisoa Rija Rasoava. Araka ny efa nomarihina etsy ambony dia misesisesy ny fanafihan-dahalo, mampikaikaika ny mponina any Ankazobe Ary araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia tsy manana ny taratasy ahafahana mitazona izany basy izany ny ankabeazan'ny mponina mampiasa azy ireny. Manoloana izany mahabe ahiahy ny hoe ampiasain'ny olona hiarovan-tena ve sa amin'ny ratsy ireny fitaovam-piadiana ireny ? Mbola fanontaniana manitikitika ny saina ihany koa ny hoe: Nahoana no tsy mandray andraikitra manoloana izany tsy fanarahan-dalàna izany ny tompon'andraiki-panjakana isan-tokony any an-toerana? Soa ihany fa efa tonga tany an-toerana, namory ireo tompon'andraikitra rehetra voakasiky ny fitandroana ny fandriampahalemana ny lehiben'ny governemanta, tamin'ny herinandro lasa teo. Ary tsy ny olan'ny tsy fandriampahalemana any Ankazobe irery ihany no noresahina fa tafiditra ihany koa ny fakàna an-keriny mateti-pitranga any Anjozorobe tato ho ato. Andrasana ny fivadihan'ny baiko sy ny paikady volavolaina ho asa !

V.R.

## Marina izany !

### Mandeha ny tsindry !

**Samy miketrika ny paipaika ahazoana maro an'isa, eny amin'ny Antenimierampirenena na ny mpomba ny mpitondra na ny mpanohana ny mpanohitra. Ny an'iretsy voalohany, raha ny zava-nitranga tato anatin'ny andro vitsivitsy izao dia miezaka manohana amin'ny fomba ankolaka ny kandidàny izay ahiany tsy ho afaka ny mpitondra ary saronany ao anatin'ny fitokanana zavabita izany. Mandeha eny antsefatsefany eny ny fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana, amin'ny alàlan'ny fampiasana fitaovana na fahefana na olompanjakana. Mifanindran-dalana amin'izany, mandeha ihany koa ny tsindry samihafa, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fampahafantarana miendrika fandrahonana ataon'ny eny Ambohidahy, naparitaka amin'ny tambajotra sôsialy ary milaza fa mahavoasazy ny fanaratsiana ny didy avoakan'izy ireo. Misy amin'ny olom-pirenena moa no mametra-panontaniana toy ny hoe: misy toko ve sy andinin-dalàna manamarina izany ? Izay ny aty andaniny fa ny ankilany, izany hoe ny ekipan'ny mpanohitra ihany koa dia manana ny paipaikany, hiatrehana ny mety ho hosoka na fanaparam-pahefana ahiahian'izy ireo hataon'ny mpomba ny mpitondra, mialoha, mandritra ary aorian'ny latsa-bato. Hita taratra amin'ny alàlan'ny fanentanany ny olony hanara-maso ny zava-mitranga any anivon'ny fiarahamonina any ary hitatitra ara-potoana ny fandikan-dalàna na ny fanaparam-pahefana tsikaritr'izy ireo. Ny lohandohany mpitarika kosa tsy mitsahatry ny manao fanambarana, mampahafantatra fa arak'izy ireo ny paipaika maloto mampiahiahy na ananan'izy ireo ny porofo mirakitra ny fandikan-dalàna tsy tako afenina! Marina fa mety tsy hahazo rariny izy ireo, saingy mipetraka ho tantara kosa ny zava-misy !**

Voahangy Rakotozafy




Mba tsy ho mpananga-tanana fotsiny

# Depiote mahay mamaky lalàna mifehy ny teti-bola no tokony hiaka-dapa

Voafaritra mazava ao anatin'ny lalampanorenana ny andraikitry ny solombavambahoaka. Anisan'ny miresaka izany ny andininy faha-68 izay mametraka fa mifidy lalàna sy manara-maso ny asan'ny governemanta ary manombana ny pôlitikam-panjakana no andraikitry ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena. Ambaran'ny andininy faha-75 kosa fa ao anatin'ny andraikitry ny depiote ny mandinka amin' ny antsipirihany sy mandany ny lalàna mifehy ny tetibola, mandritra ny fivoriana ara-potoana faharoa izay manomboka ny talata fahatelo, amin'ny volana ôktôbra ary maharitra enimpolo andro. Ny andininy faha-86 indray mampahatsiahy fa ankoatry ny volavolan-dalàna avy amin'ny governemanta dia afaka mandroso tolo-dalàna ihany koa ny solombavambahoaka, mifandraika amin'ny hetaheta sy ny tombontsoan'ny vahoaka nifidy azy na ho fiarovana azy ireo. Miainga amin'ireo andraikitra voarakitra ao anatin'ny lalampanorenana ireo dia heverina fa farafahakeliny mba depiote mahay mamaky sy mikirakira lalàna, indrindra ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana no tokony hiaka-dapa eny Tsimbazaza.



Ny birao fiasan'ny Antenimierampirenena. (Sary tahiry)

**Mba tsy ho mpananga-tanana fotsiny!**

Ny zava-nisy mantsy, indrindra tato anatin'ny taona maromaro izao dia mpananga-tanana fotsiny ny ankamaroan'ny depiote nandrafitra ny Antenimierampirenena. Hany ka mahalana no misy adihevitra lalina mialoha ny fandaniana ny lalàna. Ny mateti-pitranga aza dia na mandray baiko fotsiny na misy tambiny ny fananganan-tanana. Tsy mahagaga arak'izany raha manara-po amin'ny fanapahan-kevitra tiany ho raisina ny mpanatanteraka izay matetika miantehitra amin' ny fananany maro an'isa, eny amin'ny Antenimierampirenena. Vokany anarantsy very sisa no maha lapan'ny demôkrasia ny eny Tsimbazaza. Vao tsy ela akory izao no milaza miaramahita ny mpanara-baovao fa nampiasa ny fahefany rehetra ny mpitondra, nanilihana ny filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha, rehefa nanomboka nanao fanambarana hafa noho ny baiko ny lehiben'io andrimpanjakana io. Ny mahavelom-bolo amin'ity fifidianana solombavambahoaka, hotanterahina ny 29 mey ity dia mahatratra fito ny mpikambana ao amin'ny governemanta kandidà ary maromaro amin'ireo efa nandrafitra io andrimpanjakana io teo aloha no mbola hifaninana. Antenaina fa solombavambahoaka hiady ny tombontsoan'ny vahoaka nandany azy sy hampiakatra avo ny lentan'ny Antenimierampirenena no handrafitra an'i Tsimbazaza.

V.R.

Marary ny antoko politika eto

# Fito sisa ireo sahy nandeha irery hiatrika ny fifidianana depiote

*Tsy zatra maka fahefana amin'ny alàlan'ny fifidianana fa variana manao pi-maso amin'izay olona eo amin' ny fitondrana hahazoana seza sy tombontsoa fotsiny ny mpanao politika eto Madagasikara.*

Raha jerena ny lisitra ofisialy mirakitra ireo kandidà hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fififidnana tamin'ny herinandro lasa teo dia antoko politika fito amin'ireo antoko manodidina ny 300 misoratra eny amin'ny Minisiteran'ny Atitany no sahy nandeha irery hiatrika izany. Tsy iza izany fa ny antoko Fy-M tarihan-dRaderanirina Sendrison, kandidà filoham-pirenena farany teo; ny Antoko Maitso tarihan'i Georget Mari Alexandre; ny antoko AREMA tarihan'i Annick Ratsiraka; ny antoko Leader Fanilo tarihan'i Heriniaina Mahosindrahaja; ny antoko Otrikafo tarihan'i Elia Rabevahiny; ny Antoko Fanorolahy tarihan-dRandrianary José ary ny antoko Vonjy Iray Tsy mivaky tarihan-dRazanabahiny Marojama Marie Francette. Ny dikany, marary ny antoko politika eto Madagasikara mba tsy ilazana hoe tsy zatra maka fahefana amin'ny alàlan'ny fifidianana fa variana manao pi-maso amin'izay olona eo amin'ny fitondrana hahazoana seza sy tombontsoa fotsiny. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin'izany fa mbola ho ela vao ho toy ny antoko Demokraty any Etazonia na ny antoko Sosialista sy ny antoko "Front National" atsy LaFrantsa. Ny an-dry zareo ireo na lany na tsy lany na mahazo fitondrana na tsia dia mijoro foana ary manolotra kandidà foana amin'ny fifidianana. Ny tsy tokony ho adinoin'ny rehetra anefa dia tsy hanjary izany mihitsy ny demokrasia eto raha tsy mizotra amin'izay làlana izay ny mpanao politika. Na izany na tsy izany, nisy ny fanazavana avy amin'ireo antoko politika zato mahery, ao anatin'ilay « cellule de crise Diovy i Madagasikara » mahakasika ny antony tsy nandraisany anjara tamin'ity fifidianana solombavambahoaka ity raha nitafa tamin'ny mpanao gazety teny Antsakaviro, herinandro vitsivitsy izay. *« Midika ho fanomezana hasina ny fItondrana ankehitriny, izay lany tamin'ny fifidianana feno hosoka sy tsy fanarahan-dalana, ny fandraisana anjara amin'izany»*, hoy ireo mpanao politika ireo tamin'izany.


**Mipatitaka**

Etsy andanin'izany, raha iverenana ny antony mamparisarisa ireo antoko politika amin'ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana dia ireto manaraka ireto no heverin'ny maro ho mahatonga izany. Voalohany, tsy misy olana rahateo ny fikarakarana ny taratasy eny anivon'ny minisiteran'ny Atitany fa izay manangana dia ekena avokoa. Ambonin'izany, rehefa tonga eo amin'ny fitondrana na nahazo fahefana ireo olona sasany vao manangana ny antoko politikany. Nanao an'izany avokoa ireo mpitondra nifanesy, ankoatra ny Pr. Zafy Albert angamba. Tonga teo amin'ny fitondrana ny Amiraly Didier Ratsiraka vao nanangana ny antoko AREMA. Toy izany koa ny antoko TIM izay natsangan-dRavalomanana rehefa lany ho filohampirenena ny tenany tamin'ny 2002. Iza ihany koa no tsy nahalala fa rehefa nahazo ny fitondrana tetezamita tamin'ny alàlan'ny fitarihana olona an-dalambe i Andry Rajoelina vao nanangana ny antoko TGV ary tamin'ny nilatsahany ho Filoham-pirenena i Hery Rajaonarimampianina vao nanangana ny HVM ho antoko politika. Dia rehefa tsy eo amin'ny fitondrana intsony ilay antoko dia rava sy mipatitaka daholo. Tsy amin'ireo antoko nahazo fitondrana ireo ihany anefa fa na ireo antoko matanjaka tamin'ny hetsipanoherana aza rehefa niditra sy niara-nihinana tamin'ny fitondrana dia vita hatreo ny aminy, toy ny antoko Akfm sy MFM…

**Mamy R.**






**Ireo mpitarika antoko sahy nirotsaka na nanolotra olona hifaninana amin'ny fifidianana solombavambahoaka.**

Hosoka tamin'ny fifidianana

# Tsy nisy tohiny ilay fanadihadiana notakian'ny fanjakana amerikana

20 herinandro aty aorian'ny antso nantefan'ny mpitondra tenin'ny departemantam-panjakana amerikana, Atoa Matthew Miller tamin'ny fanjakana malagasy hanadihady amin'ny antsipiriany ireo tsy fahatomombanana sy ireo voalaza fa hosoka nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo, mbola mangingina mba tsy ilazana hoe tsy nisy tohiny izany hatramin'ny omaly. Raha tsiahivina, ankoatra ny fiarahabana ny Filoha Andry Rajoelina voafidy ho filoham-pirenena fanindroany dia notsipihan'io diplomaty vahiny io tao anatin'ny fanambarana navoakany tamin'ny fiandohan'ny volana desambra farany teo fa maro ireo mpiantsehatra, na olom-pirenena na mpanaramaso ny fifidianana avy eto an-toerana sy iraisam-pirenena, nahatsikaritra tsy fahatomombanana samihafa nandritra ny zotram-pifidianana ary maro ireo sosokevitra fanatsarana ny zotram-pifidianana naroso taorian'ireo fifidianana natao ny 2018 sy 2019 no mbola tsy tanteraka ka niteraka ahiahy sy tokony harenina. « *Miantso ny CENI hamaha ireo olana ireo ary miantso ny governemanta malagasy hanadihady amin'ny antsipiriany ireo tsy fahatomombanana sy ireo voalaza fa hosoka ka hiroso amin'ireo fanavaozan-drafitra samihafa navohitran'ireo mpanaramaso ny fifidianana malagasy sy iraisam-pirenena, ary hijery akaiky ireo filàna sy fanirian'ny olom-pirenena ao Madagasikara* », hoy hatrany ny SEM Matthew Miller tao anatin'izany.

**Toe-draharaha ara-politika henjana**

Raha izay ny an'ny fanjakana amerikana, dia nanana ny heviny ihany koa ry zareo eo anivon'ny Vondrona Eoropeana, ny Masoivohon'i Alemana, Korea, Etazonia, Frantsa, Japana, Royaume-Uni, Suisse ary ny Vondron'ny tany miteny na mampiasa amin'ny ampahany ny teny frantsay (OIF) aty amin'ny Ranomasimbe Indiana, izay namoaka fanambarana iombonana. Nanamarika ireo vahiny ireo tamin'izany fa manoloana ny disadisa sy ny trangan-javatra nandritra ny zotram-pifidianana ary ny toe-draharaha ara-politika henjana dia anjaran'ny Filohan'ny Repoblika vao lany ankehitriny miaraka amin'ireo herivelona rehetra eto amin'ny firenena sy ireo Andrimpanjakana voakasika ny mandray fepetra ahafahana mamerina ny fandriampahalemana. Lalan-tokana ahatongavana amin'izany, hoy hatrany izy ireo ny fifampiresahana sy fifanakalozan-kevitra indrindra manoloana ny fifidianana solombavambahoaka sy kaominaly ho avy. Andrasana araka izany ny tohin'ireo fitakiana nataon'ny fianakaviambe iraisam-pirenena ireo amin'izao herinandro vitsivitsy mialoha ny hirosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka izao.

**Mamy R.**



**Andrasana ny tohin'ilay antso nataon'ny fanjakana Amerikana tamin'ny fanjakana hanadihady ireo voalaza fa hala-bato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fifanarahana famatsiam-bola

# Tonga eto amintsika ny iraky ny FMI



**Andro voalohany tamin'ny iraka ataon'ny delegasiônin'ny FMI.**

*Mamita iraka mandritra ny 12 andro. Hihaona amin'ireo olom-panjakana ambony.*

Manangasanga ny fifanarahana famatsiam-bola vaovao eo amin'ny firenena malagasy ny Tahirimbola Iraisam-pirenena, na ny FMI. Tonga eto amintsika ny delegasiônina avy amin'ity rafitra ara-bola iraisam-pirenena ity, izay tarihin'i Fréderic Lambert. Nanomboka omaly tamin'ny alàlan' ny fivoriana niarahana tamin' ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, ny iraka ataon'izy ireo ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 3 mey ho avy izao. Miompana amin'ny fifandresen-dahatra ara-tekinika mikasika ny fifanarahana famatsiam-bola vaovao ny dian'izy ireo, dia ny fandaharanasa vaovao ao anatin' ny FEC (Facilité Elargie de Crédit) andaniny, ary ny fandaharanasa ao anatin'ny FRD (Facilité pour la Résilience et la Durabilité) ankilany. Marihina fa efa miditra amin'ny dingana famaranana ny fandaharanasa teo aloha tohanan'ny FEC nanomboka ny taona 2021 ka hatramin'ny 2023. Tsy maintsy hampiarahana amin'ny fandaharanasa hafa anefa ilay FRD, ka naleon'ny fanjakana nisafidy ny hametrahana ny FEC vaovao mandritra ny 36 volana. "*Hiompana amin' ny andry efatra ny fandaharanasan'ny FEC vaovao, izay mifanaraka amin'ny fandaharanasan'ny Pôlitika ankapoben'ny fanjakana, na ny PGE* », hoy ny filohan'ny iraka, Fréderic Lambert.

**Vonona**

Tafiditra ao anatin'ireo andry ireo ny andry ara-tetibola, ny andry ara-pitantanana, ny andry ara-bola, ary ny andry momba ny harinkarena sy ny fiahiana ara-tsôsialy ary ny fampivelarana ny maha olona. Mbola hifampidinihana amin' ny fitondram-panjakana malagasy ireo andry efatra ireo, saingy efa nanamafy ny fahavononan'ny fanjakana hanaraka ireo fanovana sy hiara-hiasa amin'ny FMI ny Minisitra Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo mba hametrahana ny fanamby amin'ny fampandrosana ara-toekarena eto Madagasikara. 36 volana koa ny faharetan'ny FRD, ka hanampy amin'ny fampihenana ny ambana amin'ny fikorontana mety hitranga eo amin'ny fifandraisana amin'ny any Ivelany, manoloana ny fisian'ny loza na valanaretina. Mandritra ny 12 andro hanatanterahana ny iraka dia mbola handalo ny sampandraharaha maro amin'ireo minisitera voakasika ity delegasiônina ity no sady mbola hihaona amin'ireo olom-panjakana ambony eto amin'ny firenena.

**R. Muray**

Seranam-piaramanidin'i Nosy Be

# Mampiasa angovo avy amin'ny masoandro



**Azon'ny fiara ialofana toy izao ireo " Ombrières solaires " ao amin'ny seranam-piaramanidina Nosy Be.**

Manome lanja ny lafiny tontolo iainana ny fitantanana ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Nosy Be. Voalohany amin' ny seranam-piaramanidina manerana ny Nosy mampiasa ny angovo avy amin' ny masoandro. Efa tamin'ny volana marsa lasa teo no nanombohany ny fampiasana ny herinatra avy amin' ireo "Ombrières solaires", na takelaka mihantona mpamatsy herinaratra avy amin'ny masoandro. Mamokatra herinaratra 52 kWc (Kilowatt-crête), izay ampiasaina amin'ny fikarakarana ireo sidina mandritra ny tontolo andro. Kendren'ny Ravinala Airports ny tsy hampisy fiantraikan'ny asa ataony amin'ny tontolo iainana ary ny vinavinany hatramin'ny taona 2025 dia ny hanatratra ny tahan'ny fampiasana angovo azo havaozina ho 35 isanjato amin'ireo seranam-piaramanidina roa tantaniny, dia ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato sy ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Nosy Be. Tsiahivina fa efa tamin'ny taona 2019 no nahazoan'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Nosy Be ny fankasitrahana antanantohatra faharoa ACA (Accreditation Carbon Airport), izay fandaharanasan'ny ACI (Airports Council International) antsoina hoe "Réduction" hoentina mankasitraka ireo hetsika mandray anjara amin'ny fampihenana ny entona "Carbones" mandoto eny anivon'ny seranampiaramanidina. Ankoatra ny famatsiana herinaratra dia manome toerana fialofan'ny fiara miisa 20 ireo fotodrafitrasa ao amin'ny seranampiaramanidina Nosy Be ireo.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Vary ... !

Any Ramala,

Anisan'ny vaovao nalaza tokoa Ramala ny momba ilay resaka vary tao amin'ny tanàna amorontsiraka atsinanana tao. Tsy hiverenana lavabe eto intsony ilay izy fa raha tsiahivina fotsiny dia vary efa simba an-taoniny maro no tsy maintsy nodorana sy nalevina satria tsy azo nohanina intsony. Rehefa avy eo anefa dia mbola nopongarin'ny olona handeha hohanina indray ilay izy. Atao mahagaga ve izany Ramala ? Voalohany indrindra aloha efa tena mahantra ny olona amin'izao. Tsy vitan'izay indray fa lafo izao ny vidin'ny vary eto amintsika, indrindra moa fa amin'iny faritra avaratra atsinanana nandalovan'ny rivodoza iny. Asa na vokatr'izay ve Ramala no mahatonga ny famarotana vary amin'ny vidiny mora amin'izao? Misy koa aza mizara vary. Ny an'ny sasany aza mizara vary efa masaka miaraka amin'ny laoka mihitsy! Fa hono ho aho Ramala ? Marina fa mahantra ny olona ary lafo ny vidin'ny vary ankehitriny. Fa ohatran'ny misy zavatra hafa mihetsiketsika koa anie Ramala manerana ny tanintsika amin'izao é ! Hisy fifidianana izay ho solontenam-bahoaka mpanao lalàna amin'izao. Sao mba misy ifandraisany amin'izany koa Ramala ny vary amidy amin'ny vidiny mora sy izany vary zaraina fotsiny etsy sy eroa ireo? Tsy efa zavatra mpitranga eto amintsika mantsy ve ny toy izany Ramala? Izay aloha no hamaranana azy Ramala fa amin'ny manaraka ho hita eo ihany.

**Ragasy**

Fiaraha-miasa "MVola - Voiladoc"

# Hanamora ny fahazoana tolotra ara-pahasalamana



**Fampahafantarana ny fiaraha-miasan'ny roa tonta.**

Hiara-hiasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ny MVola sy ny Voiladoc. Nampidirina ao anatin'ny rindrankajy MVola ny tolotra Voiladoc, izay manampy ireo mpampiasa MVola hisitraka ireo tolotra ara-pahasalamana ampitain-davitra, indrindra fa ho an'ireo mipetraka lavitra toy ny any ambanivohitra. Azo atao amin'ny alalan'ny fampiasana ity rindrankajy ity araka izany ny maka fotoana amin'ny mpitsabo amin'ny ora sy andro rehetra tsy misy fetra, ary ny mandoa ny saran'ny fizaham-pahasalamana ataon'ny dokotera. Dokotera mpitsabo voamarina sy nahazo fankatoavana avokoa no miara-miasa ao anatin'ity tolotra ity. *"Ny fiaraha-miasa amin'ny Voiladoc dia dingana lehibe ho an'ny MVola, satria maneho ny fikelezanay aina amin'ny fampiasana ireo hay tao amin'ny fomba fandoavam-bola ho an'ireo raharaha laharam-pahamehana toy ny fahazoana fahasalamana. Tsy vitan'ny manamora ny antoka amin'ny fifanakalozana fotsiny izahay ao anatin'ity fiaraha-miasa ity fa mbola mandray anjara mavitrika amin'ny fanatsarana ny fomba fiainan'ny Malagasy isan'andro.* », hoy Louis-Olivier Favot, tale jeneralin'ny MVola. Nanamafy koa i Emmanuel Samuel, tale jeneralin'ny Voiladoc, fa manampy amin'ny fanomezana tolotra ara-pahasalamana ho an'ny olondrehetra ity fiaraha-miasa ity no sady miantoka ny fahazoan'ny Malagasy fitsaboana mora foana sy tsara kalitao sy azo itokiana.

**R. Muray**

Fanadinam-panjakana

# Mpisolo toerana avokoa ireo minisitra miandraikitra ny fampianarana

*Miahiahy indray amin'izay zavatra mety hitranga ny olom-pirenena, 2 volana latsaka mialoha ny fanadinam-panjakana.*

Roa volana latsaka mialoha ny fanadinam-panjakana, minisitra mpisolo toerana avokoa no miandraikitra ny fanabeazana eto amintsika. Eo ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa, ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena, ny minisiteran'ny fampianarana teknika sy fiofanana arak'asa fa lasa nirotsaka ho fidiana solombavambahoaka daholo izy telo mianadahy. Amin'ny vanim-potoana ambara fa



**Antenaina fa misy ny fepetra noraisina tsy hiverenan'ny toy ny roa taona misesy intsony. (Tahirin-tsary)**

feno ny fepetra, izany hoe misy tomponandraikitra mahafehy ilay asa, izany hoe ny minisitra izay teknisianina amin'ny fanabeazana mbola mipoitra ireo karazana olana maro samihafa. Ho an'ny bakalorea manokana, niaraha-nahita ny olana nitranga, laza adina be diso, nisy ny laza adina nivoaka mialoha ny fotoana, nisavoritaka noho ny delestazy ny mpianatra sy ny maro hafa. Ho an'ny BEPC kosa, misy foana ny olana amin'ny tsy fandoavana ny tambin-karaman' ireo mpampianatra mitsara fanadinana ka mahatonga azy ireo mandrahona tsy hitsara ny taratasim-panadinana. Ankehitriny, olona iray natao hitantana andraikitra ambony roa, asa inona no zavatra hitranga eto amin'ity firenena ity. Ny fanabeazana anefa no fototra iray tokony tsy atao tsinotsinona mihitsy raha tiana ny hampandroso ny firenena.

**EPS**

Efa manomboka mipoitra tsikelikely ny karazana fitarainana mikasika ny fanadinam-panjakana. Nampivoriana mantsy ny talen-tekoly ka nambaran'izy ireo fa misy ny fitakiana vola 20 000Ar isaky ny sekoly ary 1 000Ar hatramin'ny 1500 Ar isaky ny mpianatra ho ampiasaina mandritra ny adina ara-panatanjahantena. Ny zavamisy eto amintsika mantsy, kianjan'ny kaominina no ampiasaina amin'ireny EPS Bakalorea ireny. Mila vola izy ireo amin'ny fiambenana sy ny fanoritana ny kianja kanefa tsy misy ny vola nomanina amin'izany. Any Bongolava any, tsy maintsy hiantohana ny olona hanatanteraka izany EPS Bakalorea izany izay vinavinaina ho 12 olona ary mandritra ny 5 andro no hanaovana izany. Tafiditra amin'izany ny trano hatoriana sy ny sakafo ary ny saran-dalana saingy tsy misy vola amin'izany ka ny ray aman-dreny sy ny mpianatra no hiangonan'ny rihatra. Mitaraina amin'ny vovonana mpiahy ny sekoly tsy miankina izy ireo eo anoloan'ny fitakiana izany vola mihoa-pampana izany. Tsiahivina fa vao ny herinandro teo, nisy ny atrikasa nokarakaraina niarahana tamin'ireo mpisehatra rehetra manodidina ny fanadinana bakalorea ka tanjona tamin'izany ny handaminana sy hampirindra ny fanadinana Bakalorea.

**Nath**

Clémence Raharinirina - Tsena vaovao eny Analakely

# "Tsy nisy fierana na fakan-kevitra natao tamin'ireo mpanolotsaina"



**Voasoritra ny toerana eo Analakely.**

*"Manahy izahay, indrindra ato amin'ny voamieran'ny fitaterana ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra fa hisavoritaka sy hanakorontana ny fifamoivoizana ny fanomezana ny arabe ao Analakely ho an'ny mpivarotra. Hiteraka fitohanana be io lamina napetraka io satria eto Antananarivo, tsy misy intsony ny andro tsy hiasana fa na sabotsy na alahady betsaka foana ny mpivezivezy."* hoy i Clemence Raharinirina raha azo an-tariby omaly. Etsy ankilan'izany, vao tsy ela no nisy fandaminana manokana natao ka nandefasana ny fiara rehetra hiakatra Ambohijatovo mba hisorohana amin'ny fitohanana. Ny lalana any ambadiky ny Pavillon Analakely, lalan'ny taxibe rehetra amin'izao fotoana izao anefa potika tanteraka ary mandany ora iray raha kely indrindra ireo taxibe vao tafavoaka amin' iny. Fitohanana no kasaina ho foanana kanefa raha ny fanomezana arabe iray manontolo ho an'ny mpivarotra mandritra ny telo andro mifanohitra amin'ny fandaminana. "*Vao tamin'ny talata heriny izahay mpanolontsaina no nihaona tamin' ny PDS ary nangataka izahay ny hanomezana hasina. Nisy anefa ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanomezana alàlana ny mpivarotra hivarotra manomboka ny zoma sy sabotsy ary ny alahady. Tsy nisy fierana na fakan-kevitra taminay mpanolotsainan'ny tanàna izany. Raha andro iray mety azo ekena saingy telo andro be izao ary haharitra fotoana ela no hampiharana izany. Hisy vola be hiditra ao amin'ny CUA io tsena io ka tokony nisy fakan-kevitra ihany mba hisian'ny mangarahara."* hoy hatrany i Clémence Raharinirina.

Ankoatran'ny fitohanana, hanakorontana zavatra maro izany fanomezana alalana ny mpivarotra ho eny amin'ny arabe izany. Betsaka mantsy ireo olona miasa amin'iny lalana iny no ho potika ny asa fivelomana. Misy magazay lehibe, farmasia, botika, sekoly, tranon'olon-tsotra hita eny. Na ny fiara hanatitra entana aza tsy afaka hiditra intsony ka faty antoka no ho hita. "*Azoko antoka fa tsy nisy ny fakan-kevitra tamin'ireo mponina sy mpivarotra manodidina iny toerana iny. Amin'iny toerana iny mantsy, misy fiantsonana taxi tsy latsaky ny efatra amin'iny ka hivadika aiza izy ireo. Ny asa fivelomana mihitsy no nopotehina tanteraka amin' ny zavatra tsy voahevitra toy izao. Tokony hatao izay hitakiana ny vola mitetina 2 miliara mahery nolazain'ny PDS rehefa tsy manambola ny CUA. Vonona izahay mpanolotsaina hikaroka fidiram-bola fa tsy tokony hamorona zavatra manakorontana toy izao."* hoy hatrany i Clemence Raharinirina, mpanolotsainan'ny tanàna. Mpanolotsaina izay efa nifarana ny fe-potoam-piasany ka tokony mbola ho raisina ihany ny heviny na tsia.

**Nath**

Pavillon Analakely

# Maty antoka tanteraka ireo mpivarotra mandoa hetra sy haban-tsena

Famonoana ireo mpivarotra manara-dalana ny fanapahakevitra noraisin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny fanomezana alàlana ireo mpivarotra amoron-dàlana hitady vola eo amin'ny arabe. Mitaraina izy ireo satria tsy vola kely fa an'hetsiny no tsy maintsy efaina ho amin'ny habantsena sy ny hofan-tsena omena ny kaominina. Ny patanty tsy lazaina intsony kanefa ny mpividy mihavitsy. Araka ny fanazavan' ny FIloha lefitry ny mpivarotra ao amin'ny Pavillon Analakely Rtoa Lala : "*Tsy mankasitraka ny fandaminana vaovao izahay satria maty antoka. Mandoa vola be mihoa-pampana amin'ny kaominina izahay kanefa tsy misy olona tonga manjifa intsony. Ny entana amidinay mitovy amin'ny amidin'ireo mpivarotra saingy amin'ny vidiny mirary kokoa satria izy ireo tsy manenjika hofantsena. 500 Ariary ihany ny ticket aloan'izy ireo isan' andro.* "Ny parking hametrahan'ireo mpividy entana efa hifampitadiavana, ny lalan' ny mpiantsena tsy misy intsony na ho any amin'ny WC aza efa tampina ny lalana. Miteraka fahasahiranana ho an'ny mpivarotra izany koa miantso fandraisana fanapaha-kevitra amin' ny fitondram-panjakana izy ireo eo anoloan'izany. Ny faran'ny herinandro tokoa mantsy no mba mandeha ny tsena saingy vao maika hihena ny vola miditra amin'ireto mpivarotra ao amin'ny Pavillon ireto noho izany.

**Velon-taraina**

Raha ny lamina napetraka, amin'ny 26 aprily izao no misokatra ho an'ireo mpivarotra ny arabe miainga eo Andohan'Analakely eo amin'ny Tsangambaton'ny Sida hatreny amin'ny CISCO. Izany hoe tsy azon' ny fiara hifamezivezena intsony ny lalana Rabefiraisana hatreny amin'ny Tripolitsa mihazo an'i Zaimaika ny zoma sy sabotsy ary alahady.

Etsy andanin'izany, velontaraina ireo mpivarotra sasany eo amin'ny Instutut d'hygiene fa rehefa natao ny fanamarinana dia tsy tao anatin'ny lisitr'ireo mpivarotra mahazo alàlana hivarotra izy ireo. Nanomboka ny alatsinainy teo anefa ny fanadiovana sy mpivarotra ka tsy tokony hisy hivarotra intsony amin' ny sisin'arabe rehetra. *"Sady tsy afaka mivarotra izahay amin'ny andavanandro, izany hoe ny alatsinainy hatramin'ny alakamisy kanefa tsy mbola isan'ireo nahazo toerana hivarotana ihany koa izahay ny zoma sy sabotsy ary alahady. Inona no hamelomanay ny zanakay. Tsy hiala izahay fa aleo hifanao saka sy totozy eto izahay sy ny polisy kaominaly.* » hoy ity mpivarotra iray tojo anay teny Analakely. Nanamafy moa ny avy ao amin'ny kaominina fa anaty fandaminana tanteraka izy ireo ary ireo mpivarotra eo amin'ny Institut d'Hygiène Sociale sy eny amin'ny Arcade ary ny ampitan'ny Parvis ihany no voakasik'ity lamina vaovao ity. Manontany tena ny maro raha mandroso isika amin'izao fanapaha-kevitra noraisin'ny PDS izao sa mihemotra.


**Nath**



**Maty antoka**

Randy Donny (kandidà laharana 1-Firaisana I)

# "Mpanao gazety tsy ho mpitatitra fotsiny intsony fa handray andraikitra"



Randy Donny sy Anjara Rasoanaivo, iray lisitra kandida Boriboritany I, laharana I...

Mpanao gazety efa 30 taona eo ho eo izao ary mahafehy ny asa fanaovan-gazety. Solontenan'ny RSF "Reporter sans frontières" eto Madagasikara. Niainga tamin'ny gazety antsoratra tao amin'ny Express de Madagascar, Les Nouvelles, L'Observateur, sy ny maro hafa. Nanentana fandaharana tamin'ny haino aman-jery, tamin'ny televiziona sy radio Rta, fandaharana B-Louh. Nampianatra ary filohan'ny sampa-pampiofanana Serasera sy asa fanaovan-gazety tao amin'ny Esva Antsirabe. Maro ny mpanao gazety mpianany tamin'ny fotoan'andro no efa mitazona andraikitra ambony ankehitriny. Nanoratra boky marobe. Ankoatra izay, efa nitana ny andraikitra mpampiakateny tao amin'ny Filan-kevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny tany tan-dalana (Hcdded) izy. Sombiny amin'ny asa sy raharaha niandraiketan-dRandy Donny, kandida laharana voalohany ao amin'ny Firaisana I ireo.

*Adidy masina ny asa fanaovan-gazety ary manana adidy ny mpanao gazety hamadika ny bainga ho andraikitra amin'izay, amin'ny maha elanelam-panahy azy ireo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka.*

Nambarany fa ampy hoentina hanasoavana ny vahoaka Malagasy eny anivon'ny Antenimieram-pirenena ny traikefa sy ny lalana nodiaviny hatramin'izay. "*Aleo amin'izay mba mpanao gazety tsy ho mpitatitra fotsiny intsony fa handray ny andraikitra*", hoy izy. Adidy masina ny asa fanaovan-gazety ary manana adidy ny mpanao gazety hamadika ny bainga ho andraikitra amin'izay. Zakan'ny mpanao gazety tsara ny andraikitra maha solombavambahoaka satria efa mpitatitra ireo maharary ny vahoaka sy ny asan'ny mpanao gazety. Elanelam-panahy amin'ny vahoaka sy ny mpitondra isan-tokony mandalo amin'ny fokontany ka hatramin'ny manampahefana ambony, ny mpandraharaha, ny mpampiasa sy ny maro hafa tsy voatanisa.

**Iray lisitra**

Ireo antony ireo ihany koa no mbola nisafidianan-dRandy Donny, kandida Laharana 1 ao amin'ny Firaisana I, ireo mpiara-miasa akaiky aminy ao anatin'ny lisitra: Voalohany amin'izany i Anjara Rasoanaivo, mpanao gazety, mpisehatra ara-kolon-tsaina fa manana traikefa eo amin'ny lafiny politika. Efa mpanara-maso ny fifidianana solombavambahoaka tany amin'ny nosy Maorisy niaraka tamin'ny FES. Nanaraka fiofanana momba ny demokrasia sy ny fifidianana ihany koa tany Afrika Atsimo, niaraka tamin'ny IDEA International, ary nahazo traikefa maro momba ny demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna ary ny zon'olombelona tamin'ny naha-sefo kabinetra azy tao amin'ny Filan-kevitra ambony momba ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàana (Hcdded).

**Tiaray R.**

Fampiharana ny karama farany ambany

# Hidina ifotony hitety orinasa ireo mpitsirika sy mpanaramaso ny asa

*Efa nifaneken'ny fivondronamben'ny mpampiasa, ny sendikan'ny mpiasa ary ny fanjakana ny fampiharana azy ka tokony harahin'ny rehetra.*



Nandritra ny fitsidihan'ny ekipan'ny minisitera ny orinasa mpisehatra amin'ny "call center" tany Toamasina.

Mba ho fametrahana ilay didim-panjakana laharana n 2024-794 mamaritra ny karama farany ambany, dia hanatanteraka "Opération Coup-de-poing" ny ministera misahana ny Asa manomboka izao. Hanaovana fitsirina avokoa ireo orinasa misy ao anatin'ny faritra 23 maneran ny Nosy mba hanarahan'ireo orinasa ity didim-panjaka efa nivoaka ity. Nanao antso avo amin'ireo tompona orinasa ny minitry ny Asa, Ramatoa Fitiavana Razakaboana, mba hifanome tanana amin'ny fampiharana an'ity Didim-panjakana ity, notsiahiviny fa efa nifaneken'ny fivondronamben' ny mpampiasa, ny sendikan'ny mpiasa ary ny fanjakana ny fampiharana an'ity Didim-panjakana ity ka tokony harahin'ny rehetra. Hidina ifotony ireo Mpitsirika sy mpanaramaso ny asa manomboka izao mba ho fanantanterahana izany asa "opération Coup-de-poing" izany.

**Dinika ara-sosialy**

Ao anatin'izao hetsika izao ihany koa no hanamafisana ny fanaraha-maso ireo fombafomba hiainan'ny mpiasa sy ny mpampiasa eny anivon'ireny orinasa ireny. Tsy maintsy hatao izany mba hahafahana mametraka ny tanjona hanatrarana ny vokatra tsara, hoy ny minisitra mpiahy. Isan'izany ny fanomezandanja ny dinika ara-sosialy eo amin'ny mpiasa sy ny mpampiasa ary ny Minisitera mpiahy. Hasongadina mandritra ny fifampiresahan'ny telo tonta ny anjara biriky tokony horaisin'ny tsirairay amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny asa amin'ny ankapobeny. Anisan'izany indrindra ny fampisitrahana fiahiana ara-tsosialy mendrika ho an'ireo mpiasa. Ireto farany izay manana andraikitra ihany koa amin'ny fanomezana vokatra mihatsara hatrany ho fampiroboroboana sy hampiodina ny orin'asa hiasany.

**Toamasina**


Araka izany dia nitsidika orinasa mpisehatra amin'ny "call center" mampiasa olona be indrindra tao Toamasina, ny minisitra Razakaboana Hanitra Fitiavana, notronon'ireo mpiaramitantana ambony ao anivon'ny Minisitera, ny zoma 19 Avrily lasa teo. Nadritra ny fidinana ifotony nataony tany amin'ny faritra atsinana iny no nanaovana ny fampahafatrana ny mpiasa sy ny mpampiasa izao hetsika « Coup de poing » izao ary nofaranana tamin'ny dinika ara-sosialy tamin'ny tompon'ny orinasa sy ny solotenan'ireo mpiasa izany. Izao hetsika izao no atao dia ny mba hanatrarana ny andry voalohan'ny Politika Ankapoben' ny Fanjakana, hoy hatrany ny minisitra Razakaboana Hanitra Fitiavana.

**Niry R.**

Vohilena - Anjozorobe

# Mitaraina amin'ny asan-dahalo ny mponina ka nanamboatra biraon'ny Zandary

Mihorohoro tanteraka ny mponina mpamboly amin'ny kijana avaratra ao amin'ny fokontany Miarikofeno sy ny vahoaka ao Morarano,izay samy tafiditra anaty kaominina Ambohibary vohilena. Mikaikaika amin'ny asandahalo izy ireo izay mahazo vahana tato ho ato. Ankoatra ireo tanàna voalaza ireo dia anisany mitaraina. toy izany ihany koa ny mponina mifanila amin'ny kaominina Manaka vohimbohitra, anatin'ny Distrikan'i Tsaratanana. "Anjakan'ny dahalo ireo kijana sy ny tanàna. Tsy mifidy zavatra ho alaina ireo olon-dratsy fa izay tratrany sy izay sendra azy. Rehefa tsy mifanaraka amin'ny sain' izy ireo dia ratrainy. Izany hoe mafy ny tsy fandriampahalemana aty aminay": hoy ny raim-pianakaviana mpampianatra iray ao amin'ny faritra iny. Voalazany ihany koa fa anisany nahavelombolo azy ireo ny fahatongavan'ny Praiminisitra lehiben'ny Governementa niaraka amin'ny lehiben'ny Foloalindahy tany antoerana,farany teo. "Voalohany dia faly ny olona amin'ny lafiny iray satria tonga nitsidika sy nandroso vahaolana izy ireo. Ohatra ny fametrahana tobin'ny Zandary aty.



Mifarimbona manao an'ity biraon'ny Zandary ity ny fokonolona.

**Vahaolana**

Miandry ihany koa anefa ny olona ny amin'ny fametrahana vahaolana amin'ny sisi-tany toy ny hoe fanaraha-maso ny fivezivezen' ny dahalo. Maro ny mpitandro filaminana sy mpitondra (voatendry) izay tokony hisolo satria efa hita fa tsy mahomby.": hoy ihany ny fanazavan'ity raim-pianakaviana ity. Tsara ho marihina fa manao ezaka ihany koa ny fokonolona manampy ny mpitandro ny Filaminana. Porofon'izany dia miaraka misalahy manamboatra biraon'ny Zandary izy ireo ,tahaka ny ao Amboniakondro sy ireo vohitra manodidina anatin' ny fokotany Morarano kaominina Ambohibary vohilena, Distrikan'Anjozo-robe. Mamita trano hanao-vana "Poste Fixe" zandary ny vahoaka. Raha ny angombaovao dia efa nanomboka ny taona 2022 izy ireo no niray hevitra hanamboarana ilay birao saingy mbola tsy vita hatramin'izao. Ny fokonolona no nanao tsipaipaika teo amin'ny famatsiana Biriky ,hazo ...sns. Ny rafitra indray dia asa soa nataon'ny vahoaka ao ihany. Mbola mangataka tolon-tanana amin'ny fanjakana moa izy ireo hamitana ilay fotodrafitrasa.

**Deyland**

# TENY REHETRA TENY



Ny ekipan'ny Souvenir Handball, mandray anjara amin'ilay fifaninanana 7 Ahila karakarain'ny ASCAF.



Sensei Ballam nampiofana tetsy amin'ny Dojo ny FIP Antanimora ny faran'ny herinandro teo.



Mandeha ny tsenan'ny solomaso miaro amin'ny masoandro, indrindra amin'iza andro mafana izao.



Sahirana ny mpampiasa làlana noho ny fisian'ny rano. Mijaly voalohany amin'izany ny mpandeha an-tongotra amin'io rano tsy mety ritra io.



Nahazo kianja filalaovana etsy Masay ny mpilalao Paddel.



Andro sisa isaina dia ho tonga ny 6 May, voalaza fa hanaovana ny andrana voalohany amin'ity tetikasam-pitaterana vaovao ity.



Tsy aiza akory itony fa mbola eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara ihany.

## Sarisary zary tenany

**Koba**




### Masoandro miposaka

**Ohabolana 13 : 8-9**

**8 Ny haren'ny olona dia avotry ny ainy; Fa ny levilevy tsy mampiraika ny malahelo akory. 9 Ny fahazavan'ny marina dia tsara firehitra*; Fa ny jiron'ny ratsy fanahy ho faty. [Heb. mifaly]**

### Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

**Sira sy orana**







### Ohabolana



**Maso mahita tsy mitondra mody.**

Les yeux qui voient ne peuvent pourtant rien emporter à la maison.

*On peut voir beaucoup de bonnes choses, et pourtant n'en rien avoir.*

### Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3226**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | 9 | | 1 | | | |
| | 5 | | | 8 | | | 2 | |
| | | 2 | | 4 | | 8 | | |
| | | 7 | 4 | | 8 | 2 | | |
| | 1 | 4 | 7 | 5 | 6 | 3 | 9 | |
| | | 6 | 2 | | 3 | 7 | | |
| | | 5 | | 7 | | 9 | | |
| | 8 | | | 6 | | | 3 | |
| | | | 8 | | 4 | | | |

Valin'ny laharana **3225**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 3 | 1 | 9 | 4 | 8 | 6 | 5 | 2 |
| 4 | 6 | 8 | 5 | 1 | 2 | 3 | 9 | 7 |
| 9 | 2 | 5 | 6 | 7 | 3 | 1 | 8 | 4 |
| 5 | 9 | 7 | 3 | 2 | 1 | 4 | 6 | 8 |
| 6 | 4 | 2 | 7 | 8 | 9 | 5 | 1 | 3 |
| 1 | 8 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 2 | 9 |
| 3 | 7 | 6 | 8 | 9 | 5 | 2 | 4 | 1 |
| 2 | 5 | 9 | 1 | 3 | 4 | 8 | 7 | 6 |
| 8 | 1 | 4 | 2 | 6 | 7 | 9 | 3 | 5 |

# TENY REHETRA TENY



Ny filohan'ny klioban'ny Masindahy Misely, izay nandray ny fitantanana taorian'ny nahalany ho filoha ny teo aloha eny anivon'ny Federasiona.



Tsenabe sady tomefy olona hatrany Analakely na dia andro alatsinainy aza.



Tsy mahasakana ny asa aman-draharahan'ny mponina Andravoahangy ny ranobe.

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 648 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Akoho amin'ny voasary sy vary

**Zavatra ilaina :** akoho 1, voasary 1, voasary makirana 1, saosy soja 2 sotro lehibe, sakamalao, tongolo gasy, sira sy dipoavatra, persily, menaka

Teteho ny akoho dia endaso kely. Ataovy anaty lovia lalina ny ranona voasary, voasary makirana, saosy soja, tongolo gasy sy sakamalao dia ataovy amin'ilay akoho ka fonosy 1 ora. Andrahoy miaraka ireo dia amin'ny farany rehefa anaty lovia vao rarahina persily notetehina madinika.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**20 avril au 26 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Tsy hifaninana amin'ny hafa aho, tsy miezaka ny ho raitra ho tsara noho ny hafa, fa manazatra ny tenako ho lafatra kokoa mihoatra ny teo aloha. »

**Ny Vetso (03.11.16)**

("Je ne suis en compétition avec personne. Je n'ai aucune envie de jouer, le jeu d'être mieux que quiconque. J'essaie seulement d'être meilleur que la personne que j'étais hier."

# TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
07.30 : Dessins animés
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12h30
12.45 : VAOVAO 13h00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Romantique
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full SPORT
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les Infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovao'ny Ma-TV
20.30 : Fandaharana manokana
21.00 : Mahandro
21.15 : Film Comédie
23.00 : Journal international
23.45 : Film Action
01.15 : Magazine
03.00 : Film Aventure
05.00 : Ny Vaovao'ny Ma-TV ®
05.30 : Ny feon'ny pentekosta ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

VIVA

01.16 : Film
03.02 : Film
05.07 : Clips : Misy Raha ®
05.14 : Journal : Viva Événement VM ®
05.55 : Culte : Tsara Taiza
06.00 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Action : Bones
08.13 : Sport : Top Chrono ®
08.39 : Série : Chuck
09.29 : Film
11.40 : Série k-drama : My demon ®
12.50 : Clips : Misy Raha
13.57 : Film
16.10 : Série k-drama : My demon
17.40 : Serie : Bandidos
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.44 : Série comédie : TEE TITANS ®
19.06 : Loterie : BET 261
19.28 : Hafatry ny PDS ®
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Film
23.16 : Film
01.01 : Journal : Viva Événement VM ®
01.41 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.56 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

RECORD TV

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : i-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : HIRANTSIKA
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : DOCUMENTAIRE
17.00 : DESTINATION MALAGASY
19.00 : LE JOURNAL DE LA RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

*******************

# TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## TSIPAKA

Mbola manodidina ny kianjan'i Mahamasina hatrany ny hitondrana famoaboasan-kevitra etoana, ka itsipahana an'izay heverina fa mivaona sy manohintohina amin'ny fampandrosoana ny taranja ara-panatanjahantena. Tsy mitontona amin'ny Mpitondra Fanjakana sy ny mpitantana ny Federasionina Malagasy amin'ny Baolina kitra (FMF) irery ihany ny fanakianana sy ny fanomezan-tsiny amin'ny tsy fahazoana ny fankatoavana tamin'ny *"Confédération Africaine de Football (CAF)"* fa nahazo ny anjarany hatramin'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena. Voakina fa tsy manao fanadihadiana lalina amin'ny tsy maha manara-penitra an'ity kianja ity ka tokony nampitandrina tamin'ny fanamboarana azy.

**Inona no hidirany !**

Momba ny fanamboarana na ny fanavaozana ny toerampilalaovana taranja ara-panatanjahantena dia andraikitry ny fitondram-panjakana no manatanteraka azy. Momba ny kianjan'i Mahamasina manokana, dia niarahanahafantatra tamin'ny kabarim-panokanana nataon'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina ny maha manarapenitra azy. Azo nandraisana fihaonana iraisam-pirenena ny kianja ka ny tompondraikitra teny amin'ny Prezidansa no nitantana azy. Mbola vonjimaika ny fandraisana ny lalao fa misy ny fepetra notakian'ny CAF amin'ny tena manara-penitra azy. Faramparan'ny taona 2021 no nanaovana ny fampitandremana. Taorian' ny fitsirihin'ny CAF tamin'ity taona ity no nivoahan'ny fanapahan-kevitra amin'ny tsy fahazoana mandray lalao iraisam-pirenena. Lohalaharana amin'izany ny fifanintsanana amin'ny Mondial 2026, miandry ny Barea de Madagascar amin'ny volana jona izao. Firenena afrikanina maro no tratry ny fanasaziana fa tsy isika irery. Raha ny kiana mianjady amin'ny mpanao gazety dia tsy mivaona amin'ny tatitra ofisialy ny vaovao tateriny, dia avy amin'ny Mpitondra Fanjakana sy ny FMF irery ihany. Andraikiny manokana ny vaovao havoakany, raha mahita ankoatran'ny fanambaran'ireo ambaratongandrafitra ireo izy. Na misy aza ny fanasaziana ny kianjan'i Mahamasina dia andrasana ny fe-potoana farany, nambara fa hanatontosana ny fanamboarana hatramin'ny volana mey. Voalaza mantsy fa nisy ny resaka nifanaovana tamin'ny CAF amin'ny ahavitana an'ireo fepetra notakiana tamintsika ireo, mialoha ny handraisana ny "Aigles"-n'i Mali sy ny "Cœlacanthes "-n'i Comores.

**aris rafaly**

Kitra - Tompondaka "PFL 2023-2024"

# Hangotraka ny lalao ampahefa-dàlana

Fantatra ireo ekipa hifandona amin'ny lalao ampahefa-dàlana mandroso amin' ny fiadiana ny tompondakan'ny "*Pureplay Football League (PFL)*" amin'ity taom-pilalaovana 2023 – 2024 ity, izay ho tanterahina amin'ny alahady 28 aprily 2024 izao avokoa. Any amin'ny kianjan'Ampasambazaha Fianarantsoa dia handray ny ASA avy any Diana ny Zanakala Foot-ball Club Matsiatra Ambony, izay sarotra resena ao amin' ny kianjany. Raha zohiana anefa ny zava-bitan'ny mpifanandrina aminy, tao anatin'ny "Conférence Nord", dia tsy moramora ny mifandona amin'ity ekipa avy any Ambanja ity, izay manahirana tokoa ny mandresy azy. Tsy mitovy anefa ny endri-dalao amin'izao dingan' ny ampahefa-dàlana izao ka heverina fa hahita lalao miady ny mpankafy kitra any Fianarantsoa. Hanafika ny AS Fanalamanga any amin'ny kianjan'Ambatondrazaka kosa ny Elgeco Plus Analamanga, nitana ny laharana voalohany tao anatin'ny "Conference sud".



Miandry an'izay hitsoaka an-daharana ny USCAFoot.

Tsy ho moramora anefa ny adidy miandry ny mpilalaon'i Dekera sy Auguste Raux, eo anatrehan'ity ekipa miaro ny voninahitr'Alaotra Mangoro ity, izay azo antoka fa tsy maintsy hanao fanafihana sesilany ny mpilalaon'i Setrarivo sy Tiana Kely.

**Mety hisy hitsoaka an-daharana**

Etsy amin'ny kianjan'ny Elgeco Plus Bypass kosa indray no hampiantranoan' ny 3 FB Toliary ny Fosa Junior Boeny. Raha ny tombatomban'ny mpanaraka baolina kitra, dia tsy ho sarotra ho an'ny mpilalaon'i Franck Rajaonarisamba ny handavo mora foana ny "johary" avy any Atsimo Andrefana, izay voasazy tsy mahazo mandray lalao any amin'ny kianjan'i Maître Kira Andaboly. Tsy azo tsinontsinoavina anefa ity ekipa "baka atsimo" ity, satria raha ny endri-dalao nasehony teny amin'ny Bypass, nandritra ny lalao fifanintsanana tao anatin'ny "Conference Sud" nisy azy, dia tsy mifidy tany hanorenam-pangady ny mpilalaony, izay mbola zaza tanora ny ankamaroany ary ao anatin'ny fahatanjahany soa amantsara. Irariana fotsiny ny hisian'ny fahalemana ka ho vita lera ny fihaonan'ny ekipa roa tonta, hanome endrika sy haja amin'ny maha ekipan'ny divizionina "Elite" azy. Any amin'ny kianja Rabemananjara Mahajanga ihany koa, dia azo lazaina fa ady tsy vita ny fihaonan'ny Tsaramandroso FC, izay handray ny Disciples FC avy any Vakinankaratra. Ekipa nahavita dingana goavana tao anatin' ny "Conference Nord" ihany koa mantsy ny TFC, nanintsana ny COSFA Analamanga sy ny AJESAIA Bongolava. Tsetsatsetsa tsy aritra no anehoana fa misy amin'ireo ekipa ao anatin'ny "Conference Nord" no mahoraka any anatin'ny tambajotran-tserasera fa mety hitsoaka an-daharana amin'ity fifaninanana ity. Raha izany tokoa no tanteraka dia mety hanana herijika, hiakarana amin'ny laharana faha efatra ny ekipan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (USCA Foot), na izay mbola feno fahavononana hatrany hiatrika ny mpifanandrina aminy.

**aris rafaly**

Basket - Tompondaka "U16F"

# Norombahan'ny zazavavin'ny MB2ALL ny amboara

Nandritra ny lalao famaranana zazavavy latsaky ny 16 taona, niadiana ny tompondakan'ny Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra 2023-2024, dia tamin'ny isa mazava 41 no ho 20 no nandresen'ny Mb2All ny AS St Michel, teny amin'ny kianjan'ny Sainte Famille Mahamasina. Miteny ho azy ny tarehi-marika fa nanantombo tamin'ny lafiny rehetra mihitsy ny mpilalaon'i Ndranto Tagg Rakotonanahary. Marihina fa tsy nisy teto ny fitarainana tamin'ny hala-taona sy ny haben'ny mpilalao. Nizotra soa amantsara ny fihaonana teo amin'ny ekipa roa tonta. Mialoha ny lalao famaranana dia nisy ny fiadiana ny laharana fahatelo. Resin'ny ASA tamin'ny isa 39 no ho 22 ny ekipan'ny Fandrefiala. Marihina fa tamin'ity fifaninanana natokan'ny SBBAR ho an'ny zazavavy latsaky ny 16 taona ity, dia hananana fanantenana ny haben'ny ankamaroan'ireo



Efa mihatsara ny toe-batan'ny zazavavy.

mpilalao, fa hoavin'ny filalaovana basket-ball Malagasy atsy ho atsy raha mitohy ny fankafizany an'ity taranja ity. Notanterahina androatr'iny ihany koa ny lalao manasa-dàlana amin' ny fiadiana ny tompondakan'ny latsaky ny 14 zazavavy hatrany. Nomontsanin'ny Fandrefiala tamin' ny isa 50 no ho 13 ny CBBT Andavamba, izay tsy nitsanga-menatra tamin'ny dingana vitany na dia vao haingana ihany aza no nitsanganany teto anivon'ny SBBAR. Nampitsangamitoetra ny mpijery baolina kosa ny fihaonan'ny Lucadro sy ny ASSM. Tamin'ny isa tery dia tery no nandavoan' ny zazavavin'Ambohimanarina an'Amparibe, izay niondrika tamin'ny 27 no ho 26. Araka izao voka-dalao izao dia hifampitana amin'ny lalao famaranana "U14F" izany ny mpilalaon'i Cyrille sy Felix.

**Tsara ho fantatra**

Tahaka izao kosa ny vokadalao rehetra tamin'ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny SBBAR hatrany : "U12G"/ Fandrefiala (26) # Bcr (21) – Assm (44) # Sepa Tana (15) – Cbbt (05) # Jcba (35) – Afo (20) # Tacbb (15) – Cosfa (22) # Tsbb (13) – Asa (18) # Nbe (31) : "U12F" / Nbe (10) # Asa (18) – Cbbt (10) # Cosfa (27) – Mb2All (14) # Akbb (11) – Jcba (24) # Soe (07) – Sepa Tana (13) # Afo (12) ; "18F" : Snipers (04) # Akbb (72) – Cosfa (23) " Ast (31) ; "U18G" / Ccb (43) # Cosfa (84) ; "U20F" / Gnbc (26) # Fandrefiala (27) ; "U20G" / Mb2All (51) # Gnbc (26) – Fandrefiala (63) # Ast (29) ; "VET D"/ Tafaray (37) # Pmbc (47) – Bcr (39) # Bca (47) – Bbc (34) # Asbm (24) ; "VET H" / Bbcm (66) # Manakers (64) – At2b (39) # Bbc (40) ; "N1B H"/ Maroliona (62) # Jap Mada (49).

**aris rafaly**

Kitra - Ankizin'Ankazomanga MIlalao

# Nihaona tamin'ny ekipan'ny AS St Michel

Mitsapa ny fahaizan'ireo ankizy beaziny amin'ny baolina kitra hatrany ny mpitantana ny ekipan'Ankizin' Ankazomanga MIlalao (AAMI). Tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo dia lalao anankiroa no natrehan'ny ekipan'ny AAMI, teny amin' ny kianjan'ny Masindahy Misely Amparibe. Nihaona tamin'izany ny Association Sportive Saint Michel (ASSM), tompon-jaridaina, sy ny AAMI, izay azo lazaina fa nahazo fahombiazana. Tamin'ny lalao anankiroa nifanaovan'ny ekipa roa tonta mantsy, dia fandresena iray sy ady sahala iray no norantovin'ny mpilalaon'i Jacky Razafimanantsoa. Tamin'ny isa mazava 2 no ho 0 no nandresen'ny AAMI latsaky ny 12 taona ny ASSM, ary nisaraka ady sahala 1 no ho 1 kosa ny ekipa roa tonta teo amin'ny "U14".

**a.r**



PASI PASI

Andriamihanta Heritiana Fabien

## Nanara-dia azy nanao Lutte ny zanany

*Fianakaviana mpanao Lutte indray no hampahafantarina eto amin'ny PASI PASI anio. Ny taona 2005 hatramin'ny 2011 izy no tompondakan'i Madagasikara ary efa niatrika fifaninanana Iraisampirenena maro ihany koa.*




Mampifanakaiky ny fianakaviany ny fanaovana spaoro.

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***AHF :*** Andriamihanta Heritiana Fabien.
***Gazetiko :***Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao?
***AHF :*** 43 ans aho izao, eny mbola manao sport Lutte, tsy manao compétition fa efa entraîneur izao.
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro?
***AHF :*** Nanomboka 12 ans aho no nanomboka nanao spaoro, 2005 hatramin'ny 2011 ny tenako no tompondakan'i Madagasikara. Tamin'ny sehatra iraisam-pirenena indray dia laharana faha-4 tamin'ny fifaninanana natao tany Dakar tamin'ny taona 2011. Mbola laharana faha-4 ihany koa tany Tunis tamin'ny taona 2008. Nahazo medaly volamena 2 nandritra ny Lalaon'ny Nosy 2007. Tamin'ny taon-dasa dia ny tenako no nitondra ny Lutte tany amin'ny Jeux de la Francophonie, ka nahazo medaly roa ny ekipam-pirenena Malagasy tamin'izany, dia medaly volafotsy sy alimo iray.
***Gazetiko :***Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***AHF :*** Telo ny zanako dia i Nandrianina, Rayan, Henitsoa. Eny, ny Lahimatoa manao Lutte ihany koa.
***Gazetiko :***Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro?
***AHF :*** Tsy noterena fa mahita ny dadany manao dia manaraka manao hoazy koa.
***Gazetiko :***Efa nisy voantso handrafitra ny ekipampirenena ve ny zanakao?
***AHF :*** Mbola tsy misy, vao 13 taona ilay zanako manao Lutte io.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany?
***AHF :*** Mahafinaritra be ka, hafa mihitsy izany hoe miaramanao spaoro izany ny fianakaviana
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy?
***AHF :*** Mijery film ao an-trano no tena fialambolinay miaanakavy
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***AHF :*** Entanina isika Ray aman-dreny mba hitondra ny zanantsika hanao spaoro fa io no antoka mahafehy ny hoaviny, satria efa fantany fa misy fifehezan-tena be ny manao spaoro dia ny fahasalamana koa azo maimaipoana.

**Rabenaivo**

Tsipy kanetibe - "Grand Open de la Zone Sud"

# Norombahan'ny ekipan-dRamirez ABMI ny anaram-boninahitra

Tamin'ny isa 13 no ho 0 ny faran'ny herinandro teo tany amin'ny boulodrome Ampasambazaha Fianarantsoa no nivoahan'ny ekipan'ny ABMI, notarihan'ny filohany, Ramirez niaraka tamin'i Havana ary Balotti ho mpandresy nanoloana ny ekipan'ny BIC, nahitana an'i Daddy, Nary ary Tselonina, ho an'ny taranja Tsipy kanetibe. Tafiditra anatin'ny fifaninanana hahazoana isa ity « Grand Open de la Zone Sud », andiany faha-6 ity, ka saika tonga tany Fianarantsoa avokoa ireo kalaza eo amin'izany taranja izany. Mafy noho izany ny fifanandrinana nanomboka tany amin'ny lalao anaty vondrona notanterahana ny andron'ny asabotsy. Nitohy tamin'ny 1/16n-dalana ny alahady hatramin'ny famaranana. Tany amin'ny manasadalana, ny ekipan'ny CBM nahitana an'i Olivier, Dezy ary Anel no lavon-dry Ramirez ka nahazoany ny tapakila hiatrika ny lalao famaranana. Ankilany, ry zareo UBM nisy an'i Liva, Onja ary Cobra no resin-dry Daddy, Nary ary Tselonina saingy teo amin'ny lalao famaranana dia tsy nampitokoan-dry zareo Amical Bouliste Mandrosoa Ivato izy ireto ka nibatan'ny ABMI ny fandresena miaraka amin'ny amboara ngezabe. Nanatrika ity lalao famaranana ity tany Finarantsoa, ramatoa Minisitry ny fanabeazam-pirenena, Marie Michelle Sahondrarimalala, izay nanolotra ny loka ho an'ny ekipa mpandresy. Azo lazaina fa fahombiazana ary nahavita ny fanamby sy andraikitra niantsorohany, ny ligin'i Matsiatra ambony mpikarakara, notarihan'ny filohany, Zoki Kaleb, izay nampian'ny CBAT sy ny CBF.



Noporofoin'ity ekipan-dRamirez ity fa anisan'ny sangany izy ireo amin'ity taom-pilalaovana ity.

**Rabenaivo**

Tolona - Federasiona

# Nohavaozina ny fanendrena ireo teknisiana

Ho fampiharana ireo andinin-dalàna isan-tsokajiny avy amin'ny Minisitera miandraikitra ny Spaoro eto Madagasikara, sy ny voalazan'ny "statut" ny United World Wrestling "UWW", izay mifanaraka tsara amin' ny fitsipika anatin'ny United Madagascar Wrestling, dia manendry an'Andriamatoa Rakotondramasy Herizo Joseph Sylvain ho Tale Teknika Nasionaly ny Federasiona, izay soniavin'ny filohany, Raveloson Mamitiana tamin'ny 15 avrily lasa teo. Tafiditra anatin'ny fanatsarana ity federasiona sy ny taranja Tolona izao. Ankoatra izay, notendrena ho mpanazatra Nasionaly Randriamiarisoa Mitantsoa Samba Ainasoa, izay hiandraikitra ny Taranja Tolona an-tsekoly. Ravoninjanahary Jean Fidél indray no tomponandraikitra ny taktika sy hisahana ny fanomanana ara-batana. Voatendry koa Randrianasolo Arsène Bénoit, izay hiandraikitra ny sokajy cadet-Junior sy hisahana ny « logistique ». Rmatoa Soloniaina Josiane Patricia kos dia hiandraikitra ny taranja Tolona ho an'ny sokajy vehivavy. Daiel Jean indray no hiandraikitra ny fampivoarana ny Beach Wrestling. Andrimihnta Heritiana Fabien kosa no hishana ny fikarakarana ireo solofo mpandimby. Ireto avy kosa ireo mpnzatra mpanampy, ahitana an-dRakotoarinala François, Rakotomanga Louis François, Andrianirimalala Bernard, Andrijaka Sambtra Xavier.



Ho fanatsarana sy hampiakarana ny haavo teknikan'ireto mpitolona ireto no anton'izao.

*Tafiditra anatin'ny fanendrena ny DTN sy ireo mpanazatra Nasionaly.*

**Rabenaivo**

Karate - Ligin'Analamanga

# Ekipa mafonja no mandrafitra ny "staff"-ny

Miisa 18 ireo olona mandrafitra ny Ligin'Analamanga, eo amin'ny taranja Karate. Naseho tamin'ny fomba ofisialy ny alahady teo tetsy amin'ny Dojo ny FIP Antanimora ireto mpikambana ireto, izay nambaran'ny filohany, Rakotomalala Pierrot fa mizara 2 miavaka tsara, dia ny ekipa mandrafitra ny komity mpanatanteraka, ahitana ny filoha, filoha lefitra, sekretera jeneraly... izay misahana ny lafin'ny "administrative". Ny ankilany kosa dia ny ekipa teknika, izay misahana manokana ny ara-teknika toy ny manodidina ny "arbitrage" sy ny fanomanana ny "compétition". Nezahana ho ireo mpanao karatekas no tena maro tao anatin'ny "staff", hoy ity filohan'ny ligin' Analamanga ity, izay nanaraotra ny fandalovan'ny Sensei Ballam eto an-tanindrazana mba hampiofana. Tanjona, hoy izy ny hampiakarana indray ny lentan' ny mpikatroka eto Analamanga, izay ezahana hisy hatrany. "Betsaka ny nampitaina nandritra izany", hoy sensei Ballam, toy ny fanitsiana ny fomba fanaovana fanazarantena, indrindra eo amin'ny totohondry sy ny daka. "Tsy vita iray andro ny karate", hoy hatrany ny tenany, izay manamboatra olona hiady amin'ny fiainana. Mahakasika ity fampiofanana ity hatrany, efa nampandrenesina avokoa ireo seksiôna rehetra misy eto Analamanga, hoy ingahy Pierrot Rakotomalala, izay nampatsiahy koa fa miandry ny fhavitan'ny fifaninanana eny anivon' ireto seksiona ireto vao hiditra amin'ny azy ireo. Roa herinandro taorian'ny nahalany azy, dia iny no hetsika voalohany nokarakarain' ny ligin'Analamanga, izay nahazo fankatoavana tanteraka teo anivon'ny federasiona.

*Nezahana ho Karatekas no maro an'isa amin'izy ireo, hoy ny filohan'ny ligin'Analamanga.*

**Rabenaivo**